



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fivavaha • Tanindrazana • Fandrosoana

ce 28/05/25
see PV
✓

CEA n° 31

26
Bm



**REPOBLIKA FAHAEFATRA
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHATELO
FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA VOALOHANY
TAONA 2025**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

FAMINTINANA NY FIVORIAMBE

LAHARANA FAHA-31

FANDINIHANA SY FANDRAISANA FANAPAHAN-KEVITRA MOMBA NY TOLO-DALANA
LAHARANA FAHA-004-2024/PL° "COMPLETANT ET MODIFIANT L'ORDONNANCE N°60-106
DU 27 SEPTEMBRE 1960 RELATIVE À LA REPRESSION DES VOLS DE BŒUFS,
PRÉSENTÉE PAR HYACINTHE BEFENO TODIMANANA,
DEPUTE DE MADAGASCAR ÉLU DANS LE DISTRICT D'ANTSOHIHY"

Fivoriana faha-4
Natao ny
Alarobia 14 mey 2024
- Maraina -

FIVORIAMBE

FILOHA: Andriamatoa TOKELY Justin

MPITANTSORATRA: - Ramatoa VOLOLOMBOAHANGY Tsiriniaina Narindra
- Andriamatoa RAHOLIJAONA Harson

Isan'ny Solombavambahoaka nanatrika ny fivoriana: 53 ; tsy tonga: 110 ; voaala tsiny: 00.

FOTOANA: Alarobia 14 Mey 2025, tamin'ny 10 ora sy 40 minitra, maraina.

FANDAHARAM-POTOANA: Fandinihana sy fandraisana fanapahan-kevitra momba ny Tolo-dalàna laharana faha-004-2024/PL° “Complétant et modifiant l’Ordonnance n°60-106 du 27 septembre 1960 relative à la repression des vols de bœufs, présentée par Hyacinthe BEFENO TODIMANANA, depute de Madagascar élu dans le District d’Antsohihy”.

Nitohy ny Alarobia 14 Mey 2025, tamin'ny 10 ora sy 40 minitra, maraina, ny fivorian'ny Antenimierampirenena.

Andriamatoa TOKELY Justin, Filoha no nitarika izany.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Andriamatoa Filoha dia niangavy ny Mpitantsoratra mba hanao ny fiantsoana anarana.

Nanatanteraka izany, Andriamatoa RAHOLIJAONA Harson.

Taorian'izay, nisaotra ny Mpitantsoratra nanatontosa ny fiantsoana anarana sady nampahatsiahy ny fandaharam-potoana araka ny voalaza etsy ambony ny tenany.

Rehefa izany, niangavy ny Mpampakatenin'ny Vaomieran'ny Lalàna mba hamaky ny tatitra mikasika ny Tolo-dalàna laharana faha-004-2024/PL°, Andriamatoa Filoha.

Andriamatoa ANDRIANIRINA Narcis, no nanatanteraka izany, ka toy izao no fivakiny:

Nivory ny Talata faha-13 Mey 2025 tamin'ny 9 ora, maraina, ny Vaomieran'ny Lalàna, ny Vaomieran'ny Fiarovana sy ny Foloalindahy ary ny Vaomieran'ny Atitany nandinika ny Tolo-dalàna laharana faha-004-2024/PL° «Complétant et modifiant l’Ordonnance n°60-106 du 27 septembre 1960 relative à la répression des vols de bœufs», izay natolotry ny Solombavambahoaka Hyacinthe BEFENO TODIMANANA, voafidy tao amin'ny Distrikan'Antsohihy.

Ramatoa RABY SAVATSARAH Ain'Harimanga Gabrielle, Filohan'ny Vaomieran'ny Lalàna, no nitarika ny fivoriana.

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Lalàna tonga nanatrika ny fivoriana:

Ramatoa sy Andriamatoa isany,

1. RABY SAVATSARAH Ain' Harimanga Gabrielle
2. ANDRIANIRINA Narcis
3. ANDRIANAMBENANA Painchard
4. RAZAFIMANANTSOA Hanitra
5. RANDRIATAHINAMALALA Livaso
6. RAHOLDINA RANAIVO Herinantsoina
7. MARINDRY Andry

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Fiarovana sy ny Foloalindahy tonga nanatrika ny fivoriana:

Ramatoa sy Andriamatoa isany,

1. RASOLOMANANA Beby Olivier
2. RAZAFINDRIANTSARA Jonhson Anatol
3. RAZAFIMANDROSO Virginie

Ireto avy ireo Solombavambahoaka mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Atitany tonga nanatrika ny fivoriana:

Ramatoa sy Andriamatoa isany :

1. RASOLOMANANA Beby Olivier
2. ANDRIANAMBENANA Painchard
3. RAZAFIMANANTSOA Hanitra
4. MARINDRY Andry

Ireto avy ireo Solombavambahoaka tsy mpikambana ao anaty Vaomiera tonga nanatrika ny fivoriana:

Ramatoa sy Andriamatoa isany,

1. BEFENO TODIMANANA Hyacinthe
2. RATSIRAKA Sophie
3. NAKANY Charlie
4. RALAMBOZAFY Raoto
5. RANDRIANARIVO Edwin

Ireto avy ireo teknisiana avy amin'ny Governemanta:

Ramatoa sy Andriamatoa isany,

- | | |
|----------------------------------|---------------------|
| 1. FABIOLA Eléonore | DER/MININTER |
| 2. RALANDIMALALANIAINA Marthe | SPA/DAGOSP MININTER |
| 3. RAKOTOARIVONY Ny Aina Lucas | SCA/DAJ MININTER |
| 4. TSELANY Déborah | Magistrat MINJUS |
| 5. RANDRIAMIARINARIVO Ony Faneva | Stagiaire MINJUS |
| 6. BEN HOUSSEN Evariste | DPSE/MSP |

Rehefa avy niarahaba ny mpivory Ramatoa Filoha dia nomeny avy hatrany an'Andriamatoa Solombavambahoaka ny fitenenana mba hanazavany ny antonantony mahakasika ny Tolo-dalàna.

Nambaran'Andriamaoa BEFENO TODIMANANA Hyacinthe, Solombavambahoaka voafidy tao amin'ny Distrikan'Antsohihy tamin'izany fa nandritra ny fihaonan'ireo Solombavambahoaka voafidy tao amin'ny Faritra Sofia tamin'Andriamatoa Praiminisitra no nitsirian'ny hevitra hanova ny "Ordonnance n°60-106 du 27 septembre 1960 relative à la répression des vols de bœufs" satria ny Faritra Sofia dia miaina ao anatin'ny tsy fandriampahalemana tanteraka raha ny resaka halatr'omby. Nampiany ihany koa fa ny Distrikan'Antsohihy dia toerana be omby ary anisan'ny faritra miady amin'ny tsy fandriampahalemana noho ny halatr'omby na dia hoe efa nahitana vokatsoa ny fiaraha-miasa tamin'ny «OMC Régional».

Teo ihany koa ny fisian'ny dahalo mpangalatr'omby raindahiny ao amin'ny Faritra Sofia sy ny Distrikan'Antsohihy izay tratra ary nigadra fa navaoka afaka fotoana fohy noho ny tsy fisian'ny mpitory satria matahotra ny hitory sy hanao vavolombelona ireo vahoaka ka lasa mivoaka ny fonja noho ny tsy fisian'ny porofo mivaingana amin'izy ireo. Miverina manao ny asa ratsiny indray izy ireo avy eo rehefa avy mivoaka ny fonja ary manao valifaty amin'ireo izay olona mahasahy mitoroka.

Eo ihany koa ny maha zava-dehibe ny omby eo amin'ny kolotsaina Malagasy satria tsy afaka misaraka amin'ny Malagasy ny omby na an-kafaliana na an-karatsiana ary harena amin'ny Malagasy izy io kanefa misy mangalatra foana.

Tsapa ihany koa fa tsy mampatahotra ireo dahalo loatra ny sazy ampiharina amin'izy ireo raha tratra mangalatr'omby satria toa tsy misy olona migadra mandrapahafaty izany akory raha ny hita.

Araka ny "Ordonnance n°60-106 du 27 septembre 1960 relative à la répression des vols de bœufs" dia tokony ho fanamelohana ho faty (peine de mort) no sazin'ireo izay mpangalatr'omby saingy efa nofoanana izany, ka ity Tolo-dalàna ity dia mametraka ny sazy mihatra mandrapahafaty ho an'ireo mpangalatra omby mba hanalana ny tebitebin'ireo olona izay matahotra ny valifaty ataon'ireo olon-dratsy.

Rehefa izay dia niroso tamin'ny fanamarihana ny mpivory.

FANAMARIHANA

- Nanamarika ny avy amin'ny Governemanta fa tokony hesorina avokoa ireo fanamelohana ho faty voalaza ao amin'ny "Ordonnance n°60-106 du 27 septembre 1960 relative à la répression des vols de bœufs" mba hifanindran-dàlana amin'ity Tolo-dalàna ity, ka ireto avy no misy izany: ny andininy faha-9-2; ny andininy faha-32 sy 33; ny andininy faha-39 sy 43 ary ny 48.
- Tsapa fa tena ilaina ity Tolo-dalàna ity satria tamin'ny taona 2017 dia efa saika hatao izy ity noho ny fisian'ireo famonoan'omby nihabetsaka sy ireo mpandefa henan'omby any ivelany ka nampirongatra ny halatr'omby;
- Ilaina ity Tolo-dalàna ity satria efa tsy matahotra ny Lalàna misy sy ireo mpampihatra azy intsony ny dahalo noho ny sazy izay maivana loatra. Eo ihany koa ny fanaovan'izy ireo kolikoly eny anivon'ireo Sampandraharaha isan-tsokajiny. Tsapa fa tsy tomombana ny fomba fiasan'ny Lalàna teo aloha matoa mbola betsaka ireo mpangalatra omby, hany ka mbola tsy mampatahotra loatra ireo dahalo;

- Mila andraisana fepetra hentitra sy haingana ity resaka halatr'omby ity satria voakasika avokoa i Madagasikara iray manontolo noho ny fisian'ny tambazotra matanjaka manerana ny Nosy, hany ka lasa maivana amin'izy ireo ny sazy omena azy. Eo ihany koa ireo dahalo ambony labatra mamotsy omby sy mamoka ireo dahalo any am-ponja. Velon-taraina ihany koa ireo mpanao asan-tàna amin'ny fahatahorana hiompy omby satria misy mangalatra foana ny omby ompian'izy ireo, kanefa ilaina amin'ny fanaovana asa tànana ny omby, toy ny hoditra, tandroka, sns Mety hampiverina ny fahatokisan'ny vahoaka an'ireo olom-panjakana ity Tolo-dalàna ity;
- Tokony hafindra eny amin'ny « maison des forces » ny fanasaziana ireo olona voaheloka mba tsy hahafahan'ireo olom-pantany eny anivon'ireo Sampandraharaha eny amin'ny Fitsarana sy misahana ny Famonjana mamoka azy ireo. Mety ho tsy fahampian'ny vesatra entina manameloka ireo olona enjehina eny amin'ny Fitsarana no mahatonga azy ireo havotsotra rehefa tonga eny amin'ny Fitsarana satria tsy maintsy miainga amin'ny vavolombelona sy ny mpitory vao afaka manameloka ny fitsarana kanefa tsy ampy ny porofo entina manenjika azy ireny;
- Tokony hojerena ihany ny heloka nataon'ilay olona satria mety ho omby iray fotsiny no nangalariny kanefa higadra mandrapahafaty izy avy eo. Etsy andaniny, nisy nilaza fa tsy tokony hasiana hambom-po loatra ny fampiharana ny Lalàna satria efa fantatr'ireo olona hoe nanao heloka izy ka na mangalatra omby iray aza izy dia tokony hitovy foana ny sazy. Araka izany, tokony hoeritreretina ihany ny famerenana ilay olona eny anivon'ny fiaraha-monina satria ny fanasaziana olona iray dia natao mba hahafay azy, fa tsy natao kosa hamonoana azy amin'ny alàlan'ny « resocialisation des délinquants »;
- Mila asiana fanaraha-maso ihany koa ny fomba fiasan'ny CCS na “Cour Criminel Spécial” izay miandraikitra ny fitsarana ireo olona mangalatra omby satria vitsy kely ny olona miasa eny anivon'ireny sampana ireny ary tsy ampy ny vola entina miasa;
- Tokony hampidirina ao amin'ny Paikady Heloka (Procédure Pénale) ny fitoriana tsy mitonona anarana (dénonciation anonyme) mba hampahomby ny ady atao amin'ny halatr'omby;
- Nisy ihany koa ny nanome sosokevitra fa tokony hovaina ny andininy faha-8 ao amin'ny “Ordonnance n°60-106 du 27 septembre 1960 relative à la répression des vols de bœufs” satria misy ifandraisany amin'ny andininy faha-6 amin'ity Tolo-dalàna ny fanovàna noentina.

Rehefa izay dia niroso tamin'ny fanitsiana sy fanovàna ny mpivory.

Marihana fa ahitana andininy miisa telo ny Tolo-dalàna laharana faha-004-2024/PL° « complétant et Modifiant l'Ordonnance n°60-106 du 27 septembre 1960 relative à la répression des vols de bœufs ». Ny andininy voalohany dia mampiditra ny fanovàna mahakasika ny andininy faha-4, faha-5, faha-6, faha-10, faha-12, faha-13 ary faha-14 ao amin'ny “Ordonnance n°60-106 du 27 septembre 1960 relative à la répression des vols de bœufs”.

Taorian'ny fandinihana dia nitondran'ny Vaomiera fanovàna sy fanitsiana ny andininy faha-4, faha-5, faha-6, faha-10 sy faha-13.

Ny “prison à perpétuité sans possibilité de remise de peine” ao amin'ny andininy faha-4 dia novaina ho “travaux forcés à perpétuité”. Ny andininy faha-5 kosa naverina tamin'ny endriny teo aloha ao amin'ny “Ordonnance n°60-106 du 27 septembre 1960 relative à la répression des vols de bœufs” ary nampiana andininy vaovao “article 5 bis” izay ahitana fanalefahantsazy ho an'ireo nanampy ny manam-pahefana amin'ny ady amin'ny halatr'omby. Naverina ihany koa ny rijan-teny tao amin'ny Lalàna teo aloha eo amin'ny andininy faha-6 ka nampiana “article 6 bis” izay manasazy ny mpiray tsikombakomba higadra mandrapahafaty. Ny andininy faha-10 izay miresaka “interdiction de séjour” dia manantitrantitra fa mahakasika ny toerana nanaovana ny fandikan-dalàna no iharan'izy io. Nofoanana kosa ny andininy faha-13 ao anatin'ny rijan-teny.

Taorian'izay dia niroso tamin'ny fandanianana isan'andininy momba ny Tolo-dalàna laharana faha-004-2024/PL° « complétant et Modifiant l'Ordonnance n°60-106 du 27 septembre 1960 relative à la répression des vols de bœufs », ny mpikambana ao amin'ny Vaomiera nantsoina hanapakevitra.

Famelabelarana ny Antonantony: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Andininy voalohany: Lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna (jereo tovana)

Andininy faharoa: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Andininy fahatelo: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Rehefa izay, niroso tamin'ny fandanianana ny Tolo-dalàna amin'ny ankapobeny ny mpivory.

Noho ny tsy fahatratrarana ny fetr'isa ahazoana manapakevitra dia naato 30 minitra ny fivoriana ho fanajana ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena.

Taorian'izay dia nolanian'ny Vaomiera nantsoina hanapakevitra tamin'ny endriny nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna ny Tolo-dalàna laharana faha-004-2024/PL° «complétant et modifiant l'Ordonnance n°60-106 du 27 septembre 1960 relative à la répression des vols de bœufs», izay natolotry ny Solombavambahoaka Hyacinthe BEFENO TODIMANANA, voafidy tao amin'ny Distrikan'Antsohihy ary hoentina eo anivon'ny fivoriambe handraisana fanapahan-kevitra farany.

Nifarana tamin'ny 12 ora sy 10 minitra, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory Ramatoa Filoha.

TOVANA

<u>Version originale</u>	<u>Version amendée</u>
Art. 4 - <u>Sera puni de la prison à perpétuité, sans possibilité de remise de peines, quiconque aura soustrait ou tenté de soustraire frauduleusement un ou plusieurs bœufs ; dès lors que cette infraction a été précédée, accompagnée ou suivie d'un meurtre.</u>	Art. 4 - Sera puni de travaux forcés à perpétuité , quiconque aura soustrait ou tenté de soustraire frauduleusement un ou plusieurs bœufs ; dès lors que cette infraction a été précédée, accompagnée ou suivie d'un meurtre.
Art. 5 - <u>(L n° 61-030 du 18.10.61) Sera puni de la peine des travaux forcés à perpétuité avec une période de sureté de vingt-cinq ans nonobstant l'article 4 ci-dessus, tout individu coupable d'avoir soustrait frauduleusement un ou plusieurs bœufs et ce, quel que soient les circonstances.</u>	Art 5 – (L n)61-030 du 18.10.61) Sera puni de la peine de travaux forcés à perpétuité dans une maison de force tout individu coupable d’avoir soustrait frauduleusement un ou plusieurs bœuf, si le vol a été commis avec la réunion de trois au moins des circonstances aggravantes suivantes : 1° la nuit ou le jour ; 2° En réunion de deux ou plusieurs personnes ; 3° avec port d’arme apparente ou cachée, sans qu’il y ait lieu de distinguer à cet égard entre les armes par nature et les instruments qualifiés armes par l’usage qui en est fait ; 4° Avec violences et voie de fait ; 5° En alléguant un faux ordre de l’autorité civile ou militaire ; 6° menace à tous moments. Article 5 bis : Néanmoins, une peine de 25 ans pourra être prononcée comme circonstance atténuante si l’individu coupable de vol d’un ou plusieurs zébus aura collaboré avec les autorités pour dénoncer tout le réseau de vol de bœuf.

Art. 6 : Tout dépositaire d'autorité publique, fonctionnaire ou élu coupable d'avoir participé directement ou indirectement, en tant que <u>premier bénéficiaire principal</u> ou complice à un vol de bœufs, au recel de bœufs frauduleusement acquis, sera puni également de la prison à perpétuité, <u>sans possibilité de remises de peine.</u>	Art. 6 - (L n° 61-030 du 18.10.61) tout autre vol d'un ou plusieurs bœufs commis dans les champs, pâturage, parcs, enclos ou en tout autre lieu sera puni d'une peine de quinze à trente ans de travaux forcés dans une maison de force. Art 6 bis: Tout dépositaire d'autorité publique, fonctionnaire ou élu coupable d'avoir participé directement ou indirectement, en tant que complice instigateur ou complice d'un vol de bœufs, au recel de bœufs frauduleusement acquis, et sous réserve de l'article 133 de la Constitution sera puni également de la prison à perpétuité.
Art. 10 - A l'encontre des individus punis des travaux forcés à temps ou de la réclusion, l'interdiction de séjour devra toujours être prononcée. Sa durée sera de vingt-cinq ans.	Art. 10 - A l'encontre des individus punis des travaux forcés à temps ou de la réclusion, l'interdiction de séjour dans la province de commission de l'infraction devra toujours être prononcée. Sa durée sera de vingt-cinq ans.
Art. 13 - Tout individu coupable d'avoir porté, même contre personne non dénommée, une fausse accusation de vol, recel, mise à mort, blessures ou mutilation d'un bœuf, sera puni des peines prévues à l'article 12 précédent	<u>SUPPRIME</u>

Rehefa izany, nisaotra ny Mpampakateny tamin'ny namakiany ny tatitra, Andriamatoa Filoha ary nanambara fa hiroso amin'ny fanitsiana ny tatitra vao avy novakiana teo ny mpivory. Avy amin'ny Solombavambahoaka aloha vao ny solotenan'ny Governemanta.

Raha nandray fitenenana, Ramatoa RABY SAVATSARAH Ain'Harimanga Gabrielle, nambarany fa ao amin'ny pejy faha-4, andalana farany; tokony hisaraka ny famakiana azy manomboka amin'ny hoe: Tokony hojerena ihany heloka..... mandrapahafaty izy avy eo. Mbola amin'io andalana io ihany, mitohy amin'ny hoe: Araka izany dia tokony... «resocialisation des délinquants»; hevitra iray ireo.

Hevitra faharoa ny hoe: Etsy andaniny diahitovy foana ny sazy.

Izany hoe, raha aravona dia tahaka izao: tokony hojerena ihany koa ny heloka..... mandrapahafaty izy avy eo. Araka izany dia tokony.... «resocialisation des délinquants». Izay vao mitohy amin'ny hoe: Etsy andaniny diahitovy foana ny sazy.

Raha ny voasoratra tao amin'ny tatitra no arahana dia lasa mifanohitra, fa aleo ny nanonona azy farany teo no atao ao amin'ny tatitra.

Ao amin'ny pejy faha-5, ao amin'ny andalana farany manao hoe: Ny andininy faha-5 kosa naverina tamin'ny teo aloha.... Raha ny marina dia hoe: Ny andininy faha-5 kosa nasiana fanovàna.

Amin'io andalana io ihany, manao hoe: Ny andininy faha-10 izay miresaka «interdiction de séjour».....Ny teny hoe: ilay toerana, soloina ho Faritany. Ohatra, raha tany Marovoay no nanaovany heloka dia alefa any amin'ny Faritany hafa izy.

Any amin'ny tovana, ao amin'ny «article 6 bis» amin'ny «version amendée» manao hoe: «et sous réserve de l'article 133 de la Constitution sera puni également de la prison à perpétuité». Araka ny tapaka tao amin'ny «Commission» dia esorina ireo teny ireo satria mety hiova ny Lalàmpanorenana any aoriana any.

Tapaka tao koa ny handraiketana ato anaty Tolo-dalàna fa voafidy tao amin'ny «amendement» ny fanesorana ny andininy maromaro amin'io Lalàna io izay rehetra milaza fa misy ny «peine de mort» ka tsy mihatra intsony amin'izao fotoana izao satria mitombina izany araka ny dinika natao tamin'ny teknisianan'ny Governemanta. Efa natolotra ny mpitantsoratra omaly tamin'ny adihevitra natao izany, kanefa azo omena azy rehefa avy eo ireo zavatra ireo. Izany hoe, asiana fanampiny amin'ny tovana ao amin'ny «art-9-2; art-32 et 33, art-35 alinéa 3; art-39; art-43 et 48»; ireo no tokony hesorina daholo amin'ny «référence» amin'ny «peine de mort».

Raha nomena fitenenana ny solotenenan'ny Governemanta, nambaran-dRamatoa BELALAHY Hanitriniaina, Sekretera Jeneralin'ny Minisiteran'ny Fitsarana, fa tsy manana fanamarihana momba tatitra izy ireo.

Rehefa izany, nomen'Andriamatoa Filoha, an'Andriamatoa BEFENO Todimanana Hyacinthe izay nanolotra ny Tolo-dalàna ny fitenenana mba hanazavany ny mikasika izany.

Fiarahabana ny rehetra no voalohan-teny nataon'Andriamatoa mpanolotra ny Tolo-dalàna.

Nambarany fa andro lehibe ho an'ny rehetra izao androany izao satria efa ela no nanaovana ity Lalàna ity. Izany hoe, efa tamin'ny andron'ny Filohan'ny Repoblika Voalohany, Andriamatoa TSIRANANA Philibert.

Marihana fa 80%-n'ny vahoaka Malagasy monina any ambanivohitra no miaina ny olan'ny halatr'omby eto amintsika. Ny fananana omby no itarafana fa miaina ny mponina any ambanivohitra. Manoloana izany, tsy tokony hipetra-potsiny ny Solombavambahoaka satria isika no miara-monina mivantana amin'ny vahoaka any amin'ny Distrika misy antsika.

Ny antony, ny Solombavambahoaka no maheno voalohany ny olana any ifotony momba ny halatr'omby. Marihana fa ny halatr'omby dia miteraka olana maro tokoa eo anivon'ny fiaraha-monina. Raha ny herisetra sy ny tsy fandriampahalemana eny anivon'ny fiaraha-monina no lazaina, 90%-n'izany dia vokatry ny halatr'omby avokoa.

Tsy ny tenako irery, hoy izy, no namolavola azy ity fa niarahana tamin'ny Solombavambahoaka maro izay nahatsapa fa mila fanovàna ity «ordonnance n°60-106» tamin'ny 27 Septambra 1960 ity noho ireo fanasaziana voarakitra ao aminy mikasika ny resaka halatr'omby.

Amin'ny ankapobeny, ampitomboina ny sazy ampiarina amin'ireo olona tratra mangalatra omby. Manarak'izay, ny momba ny manam-pahefana na mpiasam-panjakana na olomboafidy, ka tafiditra amin'ny resaka halatr'omby sy manampy ny tambazotra mikasika izany dia migadra mandrapahafatiny.

Nampitomboina ihany koa ireo fepetra ahafahan'ny mpitsara manameloka ny olona izay voamarina fa nangalatr'omby higadra mandrapahafatiny. Taloha mantsy, nigadra 5 na 10 taona ny mpangalatr'omby, tsy ampy akory ny fe-potoana nitazonana azy tany am-ponja dia miverina eny anivon'ny fiaraha-monina izy ka lasa manao valifaty. Eo anatrehan'izay, tsy mahasahy mijoro ho vavolombelona sy mametraka fitoriana intsony ny Fokonolona satria matahotra ny valifaty voalaza teo aloha. Manoloana izany, ny sazy 5 ka hatramin'ny 20 taona, nampitomboina ho 15 ka hatramin'ny 30 taona an-tranomaizina. Rehefa vita ny saziny, tsy afaka averina eny anivon'ny fiaraha-monina izy, indrindra fa any amin'ny Faritany nanaovany ny halatr'omby raha ny tatitra novakiana teo no lazaina. Araka ny ohatra noraizin'ny namana teo hoe: raha tany Marovoay no nanaovany ny heloka dia tsy mahazo miverina any amin'ny Faritanin'i Mahajanga intsony izy.

Mitodika amintsika ny mponina rehetra any ambanivohitra androany momba ity Tolo-dalàna ity; koa mino sy manantena izahay fa holanantsika Solombavambahoaka izany mba ho rehehantsika nahasahy nandray andraikitra mikasika ny olana lehibe momba ity halatr'omby iainan'ny vahoaka eto Madagasikara ity.

Fisaorana ny rehetra naharitra nihaino azy tamin'ny fanazavana nataony no namaranan'Andriamatoa Solombavambahoaka ny teniny.

Nisaotra azy koa, Andriamatoa Filoha, tamin'ny fanazavana nataony ary nanambara fa omena ny solotenan'ny Governemanta indray ny fitenenana, taorian'izay mba hitondrany fanazavana fanampiny.

Fisaorana an'Andriamatoa Filoha, tamin'ny fanomezana fitenenana no nanombohan-dRamatoa BELALAHY Hanitriniaina, Sekretera Jeneralin'ny Minisiteran'ny Fitsarana, ny fitenenany.

Rehefa izany, nitondra ny fialan-tsiny avy tamin'Andriamatoa Minisitry Fitsarana ihany koa ny tenany noho ny tsy fahafahany manatrika izao fivoriana izao satria manatrika ny Filankevitry ny Minisitry any Toliara ny Minisitry rehetra amin'izao fotoana izao.

Manarak'izay, nambarany fa voninahitra lehibe ho azy no matrika sy mandray fitenenana eto anatrehan'ny Solombavambahoaka hitondra ny fitenenana avy amin'ny Governemanta.

Nankasitrahany manokana ny Vaomieran'ny Fanaovan-dalàna nampiditra ny fanamarihana avy tamin'ny Governemanta ao anatin'izao Tolo-dalàna izao. Hita tamin'ny tatitra novakiana teo ny fanamarihana natao mikasika ny fanitsiana ny sazy voalazan'ny andininy faha-4 sy faha-5, nampifanarahana ny voambolana nampiasana mba hitovy amin'ny fehezan-dalàna famaizana. Tao ihany koa ny fanitsiana ny andian-teny sy ny voambolana izay nampifanarahana tamin'ny Lalàmpanorenana.

Nambarany fa misy teboka vitsivitsy anefa mikasika ny fanamarihana avy amin'ny Governemanta.

Voalohany efa misy Volavolan-dalàna nomanina ao amin'ny Minisiteran'ny Fitsarana heverina fa hanavaozana ny Didy Hitsivolana laharana faha-60-106 tamin'ny 27 Septambra 1960 izay mifehy ny halatr'omby. Ny tanjona ao anatin'izay dia ny fanafaingianana ny fitsarana mikasika ny raharaha halatr'omby sy hampihenana ny fandania mandritry ny paikady eny amin'ny fitsarana. Ireo no anisan'ny zava-dehibe ao anatin'io Volavolan-dalàna omanina io.

Heverina koa fa halefa hotsaraina any amin'ny ady heloka tsotra ny raharaha halatr'omby raha misy ny fampiakaran-tsazy na ny "circonstance aggravante". Natao izany mba hahatonga ny raharaha ho voatsara haingana, ho maivana ihany koa ny pitsopitsony tsy maintsy arahana eny amin'ny fitsarana kanefa mitandro ny fanomezana sazy hentitra. Izany hoe, akena ny fandania kanefa ny sazy tsy maintsy hentitra hatrany.

Izany hoe, tsy naharesy lahatra ny Governemanta ity Tolo-dalàna ity, ka izay no hotohanana eto androany.

Izay no teny fohy nataon'ny solotenan'ny Governemanta, ka fisaorana ny mpivory no namaran-dRamatoa Sekretera Jeneralin'ny Ministeran'ny Fitsarana ny teniny.

Nankasitraka azy koa, Andriamatoa Filoha, sady nisaotra noho ny fanomezana vaovao momba izay Volavolan-dalàna voalaza teo izay fa hitondra fanatsarana mikasika ity «ordonnance n°60-106» ity.

Nisy Solombavambahoaka nangataka fitenenana taorian'izay, ka nomena azy ireo izany.

Raha nomena fitenenana, Ramatoa RABY SAVATSARAH Ain'Harimanga Gabrielle, nambarany fa handray fitenenana izy taorian'iny «observation» nataon'ny solotenan'ny Governemanta iny satria ny mahagaga, nanambara ny Minisiteran'ny Fitsarana fa hitondra fanavaozana momba ny "ordonnance n°60-106" kanefa izany efa nanaovan'ny Solombavambahoakan'Antsohihy Tolo-dalàna. Nanana iray volana ny Governemanta tokony hanaovany "observation" kanefa azo ampiarahina amin'izany fanavaozana izany izao zavatra atao izao. Zava-dehibe ho an'ny mponina any ambanivohitra ny fialana amin'ny resaka halatr'omby satria mampitaraina azy ireo tokoa izany. Nanambara ny solotenan'ny Minisiteran'ny Fitsarana teo, fa tsy mifanipaka ny hevitra voalaza kanefa tokony ho afaka nanao sosokevitra amin'ny hampidirana ho ady heloka tsotra ny raharaha halatr'omby mba hanafainganana ny hampihenana ny fandania eny amin'ny fitsarana.

Izany hoe, tsy tokony ho sakana ho an'ny Solombavambahoaka ny handaniana ny Tolo-dalàna ny fanaovan'izy ireo izany sosokevitra izany.

Andriamatoa RAHOLDINA Naivo Herinantsoina kosa, nisaotra an'Andriamatoa Solombavambahoaka nanolotra izao Tolo-dalàna izao no voalohan-teniny.

Nomarihany fa samy manana ny hanitra ho azy ny fanaovan-dalàna. Roa lehibe no voalazan'ny Lalàmpanorenana dia Volavolan-dalàna sy ny Tolo-dalàna izany. Mitovy ny lanjan'izy ireo; noho izany, tokony hanao Tolo-dalàna maro ny Solombavambahoaka. Ny antony, mpanao lalàna ny Solombavambahoaka, fa tsy voatery ho mpahay lalàna, ka izay no ilana ny "Commission Juridique" sy ny nangatahana ireo mpanolotsaina miisa 10 ho antsika. Efa 15 taona no naha parlemantera ahy ary anisan'ny olona nanao Tolo-dalàna voalohany tao amin'ny "Haute Autorité de la Transition" na ny HAT ny tenako; rehefa manao Tolo-dalàna ny parlemantera, milaza foana ny Governemanta fa efa manana Volavolan-dalàna mikasika izany izy ireo, kanefa tsy fantatra izay tohiny. Nisy an'izany hatrany avy tamin'ny Governemanta. Hanome ohatra ny tenako, momba ny Boky Rovitra izay tena nampikaikaika ny vahoaka Malagasy amin'ny resaka fananan-tany. Izaho no nanao Tolo-dalàna voalohany mikasika izany tamin'ny andron'ny tetezamita. Tonga ny taona 2020, tsy hita ny momba azy, ka voatery nanolotra fanindroany ny tenako, hoy izy, lany io Tolo-dalàna io kanefa tsy hita izay nataon'ny Mpanatanteraka. Nanana iray volana izy ireo, kanefa tsy hita izay natao; mpanohana ny Filohampirenena ary efa mpanolotsainan'ny Praiminisitra aho, fa ny lesoka dia nisy lalàna tokony hampiharina kanefa nampiatoan'ny Governemanta. Rehefa miteny an'izany ny tenanay dia lazaina fa lasa mpanohitra. Tsy maintsy ambara izany, Andriamatoa Filoha, satria ny "question-réponse" dia 10 minitra ihany no azo itenenana.

Fehiny, azon'ny Governemanta natao tsara ny nitondra izay rehetra izay nandritra ny iray volana tokony ho nampidirana izany sosokeviny izany. Efa nisy tahaka izany tato, natambatra ny sosokevitra avy tamin-dry zareo sy ny hevitra tao anaty Tolo-dalàna dia lany soa aman-tsara; saingy ny olona, tsy hita ny niafarany. Raha ny hevitrany, mbola fotoana ahafahana manao izany izao satria izay no anaovana ny fivoriambe eto. Izay olona tsy tao amin'ny "Commission" mbola afaka manolotra sosokevitra hatrany. Miangavy ny Governemanta koa hampiditra ny tolo-keviny ato, fa hihemotra indray ity Tolo-dalàna ity raha hiandry anareo. Isaorana ny Filohan'ny "Commission Juridique" izay efa Mpitsara no efa Tale Jeneralin'ny Minisiteran'ny Fitsarana, nokorontaniko izy tamin'izany fotoana izany, io izy azonareo anontaniana mikasika an'izany.

Ny tiana hotenenina, arovana io Lalàna io satria famaizana izy no fitaizana sady fampitahorana. Ny antony, raha mahalala ity Lalàna ity ny olona, mety tsy hahasahy hangalatra intsony izy ireo.

Ho an'ny Governemanta kosa, ampidiro ny sosokevitrareo, raha mety dia holanian'ny Solombavambahoaka; raha tsy izany kosa, akory atao. Ny Tolo-dalàna sy ny Volavolan-dalàna dia mitovy avokoa ary aza mieritreritra fa ny Governemanta ihany no teknisiana ary rehefa nanao politika ve izahay dia tsy hahay hanao lalàna. Maro ny Mpahay lalàna ato saingy lasa olom-boafidy.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa RANDRIANASOLO Augustin, fankasitrahana an'Andriamatoa Solombavambahoaka nanolotra ny Tolo-dalàna tamin'ny fahasahiany nanova ny zava-nisy tany aloha no nanombohany ny fitenenany. Maro ny zavatra tsara ao anatin'ny saingy misy indro kely tiana homarihana, hoy izy.

Voalohany, momba ny tsy hamerenana ny olona nahavita ny saziny any amin'ny toerana nisy azy. Raha tsy diso izahay, manana Lalàna isika milaza fa afaka mivezivezy malalaka eto amintsika ny teratany Malagasy na hoe: "circulation libre dans le territoire Malagasy"; sao dia io no itenenan'ny olona hoe tsy mifanaraka amin'ny Lalàmpanorenana ity Tolo-dalàna ity.

Faharoa, mikasika ny fampitomboana ny sazy hatramin'ny 30 taona. Raha izay no fandehany, mety ho feno ny fonja ka tsy misy hamonjana ireo olona nanao heloka hafa intsony raha tsy hoe hanao fonja maromaro angamba. Lasa vesatra koa ireo olona nivoaka ny fonja. Ohatra, raha 50 taona izy no nivoaka ny fonja, tsy afaka hihary intsony izy ka lasa ho entana mandrapahafatiny. Tokony tsy hisy antony hamerenana azy any amin'ny fiaraha-monina raha vesatra izy.

Farany, ny mpiraitsikombakomba hoe lasa migadra mandrapahafatiny. Sao tokony hojerena ny momba izay, satria ny mpitsara na mba mitsara ara-drariny ihany aza. Raha misy olona voampanga mikasika raharaha halatr'omby, tratran'ny hafetsena nataon'ny olon-dratsy ka lasa nanao sonia taratasy tsy milamina. Lasa higadra mandrapahafatiny, atỳ aoriana vao samy hametraka fanontaniana hoe: inona no nanjo an'ireto olona ireto no nogadraina. Ny tiana holazaina, misy zavatra tokony hojerena momba izay.

Andriamatoa RAJOELIMALALA Herihasina Eljo, kosa raha nomena fitenenana, nitovy hevitra tamin'ny namany teo aloha; fisaorana an'Andriamatoa Solombavambahoaka voafidy tao amin'ny Distrikan'Antsohihy nanana fahasahiana nanao izao Tolo-dalàna izao no teny nataony.

Taorian'izay, fanamarihana no nataony, fa mitovy fijery amin'ny Solombavambahoakan'i Marolambo ihany koa ny tenany. Izany hoe, hitondra sosokevitra hanampy izay voalazany teo: sao mba tokony haka fotoana malalaka tsara isika vao miditra amin'ny pitsopitsony sy handray fanapahan-kevitra mikasika izao Tolo-dalàna izao.

Momba ny tsy famerenana ny olona nivoaka ny fonja any amin'ny toerana nisy azy izay nanaovany ny asa ratsiny indray; mety hifanohitra amin'ny zava-misy izany satria ny adala avy amin'ny Distrika misy ahy ve dia halefako any amin'ny Distrikan'i Marolambo. Raha ny tenanay mandray fitenenana izao, tsy dia tsara izay hevitra izay. Ny antony, mety tsy hankasitraka ny handraisana azy ny fiaraha-monina hafa raha mahafantatra hoe olona avy nangalatr'omby no halefa any aminy.

Manarak'izay, nisy fanamarihana nivoaka tany amin'ny asam-baomiera ary nilaza ny solotenan'ny Governemanta fa natao hamaizana sy hanarenana ny olona ny famonjana, sady tsy voatery higadra mandrapahafaty ny olo-meloka. Efa nofoanana teto Madagasikara koa ny lalàna fanamelohana ho faty, ahoana ny momba izay.

Ireo no fanamarihana tiana hatao.

Fanampin'izay, sao tokony hisy zavatra hitondrana fanitsiana ihany. Maro ny tranga hita tamin'ny karazan-keloka nisy teto amintsika; maninona raha tsy ireny mpamerin-keloka ireny no tena ampiharana ny fanamelohana ho faty. Ny antony, misy olona voaheloka higadra 5 taona; rehefa vita ny saziny, averina any amin'ny fiaraha-monina nisy azy izy. Misy amin'izy ireo no tsy mamerin-keloka intsony; misy kosa ny mbola mamerina ihany. Ireny olona ireny no tokony tsy haverina any amin'ny fiaraha-monina nisy azy intsony. Izany hoe, izy ireo no tokony hampiharana ny sazy higadra mandrapahafatiny.

Farany, maro ny mpahay lalàna niara-nandinika ity Tolo-dalàna ity tany amin'ny asam-baomiera. Maro ihany koa ny fanitsiana natao tamin'ny famolavolana ny Tolo-dalàna. Eo anatrehan'izany, misarika ny sain'ny Solombavambahoaka namana ny tenanay, aleo ijerena fotoana malalaka tsara ny fandraisana fanapahan-kevitra sy ny hampiharana ity Tolo-dalàna ity.

Nanamarika, Andriamatoa Filoha, teto fa mihamitombo hatrany ny isan'ny Solombavambahoaka mangataka handray fitenenana, ka tokony hafahezina izany satria mandeha ny fotoana.

Rehefa izany, nitohy ny fanomezana fitenenana azy ireo.

Raha nandray fitenenana, Ramatoa SYLVIE Liva Gervais, fisaorana an'Andriamatoa Solombavambahoakan'Antsohihy nanolotra an'izao Tolo-dalàna mikasika ny halatr'omby izao no teny nataony voalohany.

Nambarany fa ny Faritra Melaky dia anisany manohana tanteraka izao Tolo-dalàna izao. Ny antony dia mba hamongorana ny halatr'omby misy eto Madagasikara. Fanampin'izay, lasibatra ihany koa amin'ny resaka halatr'omby ny Faritra Melaky, ka ao anatin'izay ny Distrikan'i Besalampy.

Nohamafisiny koa ny tokony hamaizana mafy ny mpangalatr'omby satria tena mijaly ny mpiompy any ambanivohitra noho io asa ratsy io.

Ho an'ireo tomponandraikitra mikirakira ny resaka omby, mila jerena akaiky tokoa izy ireo satria misy miray tsikombakomba amin'ny halatr'omby ataon'ireo olon-dratsy. Betsaka loatra koa ny fahadisoana mitranga amin'ny fikirakirana ny taratasin'omby any ifotony. Ohatra, any amin'ny Fokontany ivoahan'izany fikirakirana taratasy izany.

Araka ny voalaza teo aloha, aleo jerena avy any ifotony mihitsy ity resaka bokin'omby ity. Ny antony, maro ny mpiompy omby no tsy mahalala sy tsy mahavoafehy ny fikirakirana izany. Vokatr'izay, lasa miteraka olana sy kolikoly ny fikirakirana ny bokin'omby satria tsy fantatra ny tena fahamarinan'ny taratasy navoakan'ny tomponandraikitra momba izany. Lasa tsy mazava ihany koa ny fivezivezen'ny omby ao an-tanàna. Eo anatrehan'izany, mangataka ny hanaraha-maso ireo tomponandraikitra mpikirakira taratasin'omby izahay. Ny zavatra tsapa, mety ho lasa mpiray tsikombakomba amin'ireo mpisoloky taratasin'omby koa izy ireo. Izany hoe, izay tratra manao izany sy manambaka ny mpiompy dia aleo omena ny sazy sahaza azy mihitsy satria naman'ny mpangalatra ihany izy ireo.

Raha ny Faritra Melaky, misy Distrika mpifanila vadirindrina, lasa lasibatra amin'ny resaka taratasin'omby hosoka izy ireo satria miampita any amin'ny Distrika hafa ny taratasy mba ahafahana mandefa ireo hosoka amin'izany Distrika izany. Raha lazaina mivantana, misy tomponandraikitra mpikirakira bokin'omby mihitsy no miteraka kolikoly, miteraka halatr'omby, ka izay no antony mahasarotra ny ady atao amin'izy io. Izany no ilazana fa aleo hampiharina amin'ny tokony ho izy ity Tolo-dalàna ity. Izany hoe, manohana 100% azy ity izahay avy any amin'ny Distrikan'i Besalampy sy ny Faritra Melaky mba hoentina hiadiana amin'ny halatr'omby.

Andriamatoa RANDRIAMALALA Thony, kosa raha nandray fitenenana, toy ny namany teo aloha, fisaorana an'Andriamatoa BEFENO Todimanana Aymar Hyacinthe, nanolotra ity Tolo-dalàna ahafahana miady amin'ny halatr'omby ity no voalohan-teniny.

Manarak'izany, niangavy ny rehetra mba hijery akaiky ireo toerana tena ianjadian'ny halatr'omby ny tenany satria matetika misy aina afoy hatrany na mivantana izany na ankolaka rehefa mitranga ny halatra.

Raha ity Tolo-dalàna ity no resahana, mialohan'ny zavatra hitranga dia efa ampahafantarina ny olona ny hanjo azy raha mangalatr'omby izy, fa tsy hoe avela hangalatra izy vao faizina na taizana. Izany hoe, aleo tsy misy mihitsy fa tsy rehefa mitranga vao handray fepetra isika rehetra.

Mikasika ny tsy fanitsahana Faritany, raha aminay manokana, aleo tsy mandia an'izao tontolo izao mihitsy ny olona nangalatr'omby. Izay no tadiavina satria manapoizina fiaraha-monina izy ireo. Ny zava-misy eto amintsika, ny fonja dia lasa sekoly. Hazavaina izay teny izay: raha nangalatra akoho no nampigadra azy, lasa mpandroba mitam-piadiana izy rehefa mivoaka ny fonja. Izany hoe, tokony samy hieritreritra ny olona alohan'ny hanaovany zavatra iray.

Raha nomena fitenenana, Andriamatoa RANDRIANARIVO Edwin, mbola fisaorana ny Solombavambahoaka nanolotra ny Tolo-dalàna no nanombohany ny teniny.

Fanampiana sy fanatsarana ary sosokevitra no nambarany fa hataony.

Nomarihany fa ny asan-dahalo no anisan'ny tena tsy mampandroso an'i Madagasikara hatramin'izao. Raha ny marina, ny fiompiana omby no fototry ny fandrosoana any ambanivohitra, fa tsy vitan'ny hoe harena sy fitaovana entina miasa ihany. Tsy afaka miaina ny olona any ambanivohitra raha tsy misy omby. Ny antony, ny 90%-n'ny vahoaka eto amintsika dia mpamboly sy mpiompy avokoa. Izany hoe, tsy afaka misaraka amin'ny omby ny fivelomana satria tsy misy "tracteur" na milina hafa hiasa tany.

Fanampin'izay, araka ny voalazan'ny namana teo, ny halatr'omby dia tsy maintsy ahitana faty olona foana. Ohatra amin'izany ny nitranga halina, nisy miaramila novonoin'ny dahalo tany Ambato Boeny noho ny resaka halatr'omby. Ny tiana lazaina, tsy manana fihetseham-po ny dahalo rehefa manafika fa ny hamono ihany no ao an-tsainy. Vita hatreo ny ho avin'ny fianakaviana raha sanatria maty ny raim-pianakaviana vokatry ny asan-dahalo. Misintona ny sain'ny namana hafa izahay, ny dahalo no mamotika ny firenena, ka mbola hasiana indrafo ihany ve ny ratsy nataony.

Noho izany, tokony hapeetraka ny fanamelohana ho faty na ny “peine de mort”. Olona vitsy no manapotika olona aman’alina eto amintsika dia havela amin’izao ve.

Ny zavatra miseho, raha maty ny tompo’omby, tsy tonga any amin’ny fitsarana ny havany. Ny antony, tsy manam-bola intsony izy ireo hiatrehany ny fandaniana satria lavitra vao misy tribonaly. Ohatra, any Faritra Boeny dia iray no fitsarana misy izay misahana Distrika miisa 6. Ahoana no hiainana an’izany toe-javatra izany. Sosokevitra no omenay, tokony hohatsaraina ny Tolo-dalàna ka hasiana Fitsarana Ambaratonga Voalohany isaky ny Distrika amin’izay mba tsy ho sahirana firy ny olona manan-draharaha eny amin’ny tribonaly ho an’ireo Faritra mafana amin’ny asan-dahalo sy ny halatr’omby.

Tokony tsy hisalasala ny namana momba ity Tolo-dalàna ity ary handroso sosokevitra ny tenanay, mba ahafahana manamarina fa ny olona voatondro fa nanao ny heloka tokoa no nanao izany. Inona no tsy ampiasana alika mpitsongodia satria tsy mandainga ireny rehefa ampanahan-dia. Raha voamarina amin’ny alàlan’ny fampiasana azy ireny ny halatra dia ampiharina ny lalàna mifanaraka amin’izany.

Momba ny tsy famerenana ny olona nahavita heloka amin’ny toerana nisy azy; maninona raha any amin’ny toeran-kafa mihitsy izy no manefa ny saziny. Tsy misy olona afaka miaro azy intsony any amin’izay fotoana izay. Fay, tsy hamerina ny heloka nataony izy, fa raha mbola manana fihetseham-po aminy isika, hiverina foana ny heloka ataony. Izany hoe, tena faran’izay sazy henjana no ampiharina momba ny halatr’omby satria ny fananana omby no anisan’ny fampandrosoana ny firenena.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa RAZAFINDRABARY Narson Seth Jean Richard, fisaorana koa no natao voalohany satria iainan’ny rehetra ny olona momba ny halatr’omby.

Ny omby any ambanivohitra, tsy omby fotsiny no sady tsy harena ihany koa fa banky. Io no bankin’ny tantsaha; izany hoe, ny mpangalatr’omby dia mitovy amin’ny mpamaky banky. Ny tiana holazaina, manohana ity Tolo-dalàna ity izahay. Marina fa nanana fotoana lavalava ianareo tokony ho nandinihana ny Tolo-dalàna ka izay no antony niantsoana anareo tany amin’ny asam-baomiera. Izany hoe, tokony hifanampiana ny fanatsarana azy. Isaorana Mpanolotra azy satria tena iainan’ny vahoaka tokoa, indrindra any Ambatofinandrahana ny olan’ny halatr’omby.

Nitondrany fanamarihana ny mikasika ny «complice», taorian’izay. Ny zavatra misy matetika any ambanivohitra, rehefa misy olona manana omby maromaro, lazaina fa dahalo izy. Efa anisan’ny olona izay. Matetika isika mpampihatra lalàna no mijery rehefa misy tranga tahaka izay dia mitady olona manan-katao sy manana omby, ampidirina amin’ny raharaha maizina izy mba ahafahana mitrandraka ny harenany. Mila mitandrina tsara isika amin’izay toe-javatra izay, satria mety tena niezaka tamin’ny fiainany izy dia lasa manan-katao. Eo anatrehan’izay, mitaintaina foana ry zareo rehefa misy loza mitranga ao an-tanàna. Ny antony, sao ampidirina amin’izany ny tenany. Mazàna ny olona milaza fotsiny hoe ranona no «complice» niaraka tamiko dia higadra mandrapahafatiny izany io olona notondroiko io. Mila mandinika tsara satria androany isika no Solombavambahoaka, ka rehefa any aoriana any, hisy hilaza afaka 10 taona hoe ianareo anie no «complice» tao anatin’io satria ianareo no nanao ny lalàna. Mila mitandrina tsara isika.

Handany ny Tolo-dalàna izahay fa ity resaka «complice» ity no tokony hojerena ny momba azy. Raha misy olona manolotra hoe atsy misy omby ka angalaro, izay ve no atao hoe «complice» sa ny «délégué» ihany koa izay manao ny taratasin'omby. Mety higadra daholo ny ankamaroan'ny olona raha izany satria ny ankabetsahan'ny bokin'omby dia misy zavatra tsy ara-dalàna. Tena manahirana io resaka bokin'omby io, sao ity «complice» ity dia ho lasa fitaovana hamotehana ny mpanao politika fotsiny rehefa tsy eto intsony isika.

Mankasitraka anao Andriamatoa Solombavambahoaka nanolotra azy ity fa handany ny Tolo-dalàna izahay ary ny toaka gasy koa ny anay mbola ho avy eto mba holaniana.

Raha nonema fitenenana, Andriamatoa RAZAFINDRIATSARA Jonhson Anatol, mbola fisaorana an'Andriamatoa BEFENO Todimanana Aymar Hyacinthe voafidy tany Antsohihy no nataony voalohany.

Nambarany fa ny halatr'omby dia misy any amin'ny Distrikan'i Befotaka koa. Ny tiana holazaina, miombo-kevitra amin'ny rehetra amin'ny famaizana apetraka ato anatin'ity Tolo-dalàna ity izahay. Indraindray isika amin'ny maha Ray aman-dReny antsika dia tokony ho afaka mananatra ny mpangalatra. Indraindray koa isika mahatsapa, fa ireny mpangalatr'omby ireny dia mitovy amin'ny mpanao «viol». Tsy olona intsony no fandraisana azy ireny fa tahaka ny biby. Any aminay, mamono olona mihitsy ny dahalo, mahatratra 10 na 16 ny olona vonoiny dia mbola izy ihany no mirehareha hoe izaho anie efa namono olona 10. Ny tiana hotenenina, tsy azo lazaina ho olombelona mitovy amintsika intsony satria efa lany fanahy. Amiko, hoy izy, «peine de mort» no sazy tokony homena azy ireny. Tsy tokony hisy famindram-po satria tsy olombelona intsony izy ireny fa mitovy amin'ny biby.

Raha nomena fitenenana, Andriamatoa MANDRINDRARIVONY Ogascar Fenosoa, ny voalohan-teniny dia nitodika tamin'ny Solombavambahoaka satria tsy mahagaga firy ny fanehoan-kevitra avy tamin'ny solotenan'ny Governemanta teo. Ny antony, rehefa ny Solombavambahoaka no manolotra Tolo-dalàna, milaza izy ireo fa efa manana Volavolan-dalàna mitovy amin'izany. Efa natao ity Tolo-dalàna ity ka tsy maintsy miroso isika satria anjara asantsika izany. Miangavy ny Minisitry ny Fitsarana, raha misy tokony hampiany, azo andrasana izany dia ampidirina ato rehefa avy nodinihana. Raha tsy hiditra amin'izay ry zareo, efa ity no tonga aloha dia lasa isika, satria anjara asan'ny Solombavambahoaka no manolotra Tolo-dalàna. Misy «procédure» ny lalàna vao mipetraka ato amin'ny Antenimierampirenena ary ampandalovina any amin'ny Governemanta mandritra ny iray volana mba hodinihany izay vao tonga eto amin'ny «séance plénière» indray. Aleo isika tsy hiverina intsony, fa hanohy hatramin'ny farany satria ady ho an'ny firenena no atao.

Tsotra ny fanamarihana entina raha miresaka halatr'omby isika; anisan'ny olana goavana eto Madagasikara ny fisian'ny «réseau» lehibe mikasika izany. Ahoana no fomba hijerena ireo antsoina hoe «gros poisson» na ny dahalo ambony latabatra. Ny tena fototry ny halatr'omby eto amintsika dia tsy ireo dahalo kely izay voasambotra ireny ihany, fa misy lehibeny any ambony latabatra any; mety ho tomponandraikitri-panjakana izany, mety ho olom-boatendry ary mety ho olom-boafidy. Mangataka izahay, aleo hojerena manokana ny dahalo ambony latabatra satria mety ho betsaka lavitra noho ireo tratra eny am-pangalarana izy ireo.

Olona irahana daholo ireny voasambotra sy gadraina ireny, fa ny tena tompo-kevitra dia ny dahalo ambony latabatra. Koa na iza na iza tratra amin'izany zavatra izany na Minisitry na Solombavambahoaka, eo ny Fitsarana Avo hitsara azy. Izany hoe, izay tompoandraikitra tafiditra amin'ny halatr'omby dia tokony hampitomboina mihitsy ny saziny raha ity «article-6» ity no jerena satria ny dahalo ambony latabatra no tsy mahafoana ny halatr'omby eto Madagasikara.

Farany, sao azo jerena koa ny resaka dina satria anisany eken'ny fiaraha-monina any ambanivohitra izy io. Azo atao miralenta ve, tsy hainay na misy «article» tokony hampifandraisina amin'izany. Ny antony, satria io koa no manampy betsaka amin'ny ady atao amin'ny halatr'omby eto Madagasikara. Samy manana ny fombany ny Faritra tsirairay eto amintsika, hoy hatrany izy, ka sao mbola mety ampidirina ato amin'ny Tolo-dalàna izany na tsia na mijery «texte» mifandraika amin'izay ihany koa.

Andriamatoa ANDRIANARY Thierry Didier kosa raha nomena fitenenana, nanambara fa misaotra ny Mpalonotra izao Tolo-dalàna izao ny tenany.

Hasiana fanatsarana kely raha azo atao ny Tolo-dalàna; rehefa tratra mangalatr'omby dia gadraina any amin'ny toerana tsy ananany fianakaviana izy. Tsy fantatray na mbola misy ny fonja any Nosilava na tsia. Raha misy mpangalatr'omby avy any Toliara, aleo gadraina any Toamasina izy. Lasa mpampianatra indray izy rehefa any am-ponja satria misy mpangalatra ao, misy voafonja ao. Izy no manoro hevitra hoe izao sy izao no atao rehefa mangalatr'omby. Sosokevitra ny anay, any Nosilava no mety amonjana azy ireny raha azo atao.

Raha nomena fitenenana, Andriamatoa ASSIMO Bruno, nambarany fa hafa kely ny fandraisany fitenenana. Raha ny lalàna no jerena, anisany manana lalàna tsara i Madagasikara, fa eo amin'ny fampiharana azy no tena olana. Amin'ny tenin'Andriamatoa RAHOLDINA Naivo Herinantsoina hoe, lasa fampatahorana fotsiny ny lalàna, fa tsy ampiharina amin'ny tokony ho izy. Koa noho izany, miangavy izahay mba tsy ho fandaniam-potoana na tantara mipetraka fotsiny no nandalovana tamin'ity Antenimierampirenena mpanao lalàna sy mpandany lalàna ity. Ny zavatra mampitaraina ny mpiara-belona dia misy saranga ampiharana lalàna, misy saranga tsy ampiharana azy.

Manarak'izay, momba ny resaka “sentiment” hoe tokony ho izao sy izao; mpanao lalàna isika Solombavambahoaka, fa tsy Mopera na Pasitora. Manana ny mpanatateraka azy ny lalàna dia ry zareo ao amin'ny fitsarana, izy no teknisiana mahafantatra ny pitsopitsony mikasika ny raharaha rehetra na “complice” izany na tsia.

Farany, mankasitraka an'Andriamatoa BEFENO Todimanana Aymar Hyacinthe voafidy tao Antsohihy nanolotra ity Tolo-dalàna ity, fa raha sarisary no natao tamin'ity Madagasikara ity dia feno halatr'omby daholo manomboka any amin'ny farany avaratra ka hatramin'ny farany atsimo.

Raha nomena fitenenana, Andriamatoa BARINIAINA Fidy, nambarany fa efa voatenin'ny namana teo aloha ny zavatra tokony holazainy fa hofintinina. Raha ny marina, tokony hitovy daholo ny sazin'ny olona mangalatra “sur terrain” sy izay miaraka aminy satria matoa miaraka mangalatra dia efa misy mpandray, misy ny mpanao taratasy hosoka. Saziana farany mafy ny olona tratra amin'izay foana tanteraka ity resaka halatr'omby ity.

Andriamatoa BOTOTEFY Herimanantsoa Odilon kosa raha nomena fitenenana, nambarany fa ombany manana ny fisaorana an'Andriamatoa BEFENO Todimanana Aymar Hyacinthe nanolotra ity Tolo-dalàna ity.

Raha ny marina ho antsika Malagasy, tsy vao androany no nisy niresaka ity halatr'omby ity. Marina fa nisy ny lalàna mikasika izany saingy ny fanatsarana azy no hatao. Raha tsy diso ny fitadidiana, efa nisy tany aminay Faritra Atsimo Atsinanana ny dinan'ny mena vozo. Izany hoe, izay tratra tonga dia vonoina avy hatrany ary ny havany no asaina mamono azy amin'ny alàlan'ny tora-bato. Nilamina ny Faritra Atsimo Atsinanana tamin'izay, indrindra ny Distrikan'i Vondrozo. Nisy voka-dratsiny tamin'izany satria nisy olona tsy nanao heloka dia novonoina ho faty. Raha tratra mangalatra ganagana ianao dia mandoa omby; raha tratra mangalatr'omby ianao dia vonoina ho faty. Amin'izao fotoana izao na ny Filohan'ny Fokontany na ny Ben'ny Tanàna, ireny no miteny amin'ny mpanao «opération» hoe ranona dahalo dia samborina izy ary atao fanadihadiana dia gadraina. Amin'ny tenin'ny namana teo, lasa mameno fonja fotsiny. Raha ho anay avy any Atsimo Atsinanana, raha mpangalatr'omby no mameno ny fonja, tsy olana aminay izany.

Isaorana, Andriamatoa BEFENO Todimanana Aymar Hyacinthe, nanolotra ity Tolo-dalàna ity. Mety ho 15 na 30 taona ny dahalo no migadra any am-ponja, fa ny zavatra tokony hojerentsika dia ny mikasika ny atao hoe «complice». Aleo atao mazava tsara, hoy hatrany izy, fa ny sazy omena azy ireo dia mbola misy mafimafy noho io voalaza io aza. Tianay hampiana saingy hazavao tsara ny mikasika ny resaka «complice» satria betsaka ny olona tsy manan-tsiny no lasa voasaringotra amin'ny zavatra tsy nataony.

Tsy misy antony tokony hiverenana amin'ity intsony, fa ho anareo ao amin'ny Governemanta, raha misy Volavolan-dalàna eritreretinareo dia alefaso, fa ity kosa tsy ahemotra intsony.

Raha niverina nandray fitenenana, Andriamatoa ASSIMO Bruno, mbola namerina nankasitraka an'Andriamatoa Solombavambahokan'Antsohihy ihany ny tenany tamin'ny nanolorany ity Tolo-dalàna ity.

Tsotra ny ahy, hoy izy, mba ampionareo Solombavambahoaka izahay any amin'ny toerana tena misy halatr'omby satria sahirana. Ampionareo satria holaniantsika ity Tolo-dalàna ity.

Andriamatoa MARINDRY Rasolohery Andry Chrissant kosa raha nomena fitenenana, nambarany ho an'ny teknisiana, fa tokony hasiana «article-6 bis» amin'io «article-6» io, amin'ny hoe: «tout dépositaire d'autorité publique, fonctionnaire ou élu coupable d'avoir participé...». Io no tiana ametrhana fanontaniana satria ny tomponandraikitra eto Madagasikara dia manana «immunité». Misy any amin'ny toerana hafa ny atao hoe: «demande d'autorisation de poursuite». Rehefa tratra mangalatra ve izy, tonga dia miala ny «immunité» sa manao ahoana. Mbola misy fangatahana an'izay «autorisation de poursuite» izay ve sa manao ahoana koa.

Nisy zavatra niseho vao tsy ela tany Marovoay, tomponandraikitra iray tratra nanao sonia «FIB vierge»; hatramin'izao, tsy azo atao na inona na inona io olona io. Etsy andaniny, nisy anefa olona hafa nogadraina.

Ho anareo solotenan'ny Governemanta, raha misy tokony hanampiana na hanatsarana ity Tolo-dalàna ity, tonga dia ampidiro ato hoe miala avy hatrany ny «immunité» sady tsy manontany ny lehibeny amin'izay tsy misy fiarovana azo atao aminy intsony mba hialana amin'ny tsy maty manota. Misy firenena any Afrika, tena mihatra ny lalàna, tapahana ny tàna rehefa tratra mangalatra. Milamina ny taniny satria voahaja ny lalàna, tsy mitovy amin'ny antsika. Koa aleo ampiharina ny lalàna amin'izay milamina koa isika.

Izay no fanontaniana mikasika io «article 6» io, Ramatoa Filohan'ny Vaomiera, ka ahoana no hanaovana azy. Tokony hatao mazava tsara satria rehefa voaheloka ny olona iray dia tsy hisy intsony ny fiarovan'ny lehibeny azy.

Raha nomena fitenenana, Andriamatoa FERNAND Eric Sandhy, talohan'ny nitenenany, nambarany, fa malahelo ny tenany tamin'ny tsy nahafahan'ny Minisitry nandray azy, izay antony tsy niankina tamin'ity farany no nahatonga izany.

Mikasika ity Tolo-dalàna ity, tehaka ho an'ny Solombavambahoakan'Antsohihy izay nanolotra azy. Ny antony ankasitrahana anao, satria efa misy any Antalaha koa ny halatr'omby, fa tsy ny halatra lavanila intsony. Ny tiana holazaina, misy olona tsy iharan'ny lalàna izay mpitaiza ny mpanao ratsy. Izany hoe, ireo «gros poisson» no tiana ambara amin'izany. Marina fa mafy ny lalàna kanefa mbola misy ihany dahalo ambony latabatra.

Andriamatoa NAKANY Charly Zafimagnely kosa raha nomena fitenenana dia fisaorana an'Andriamatoa Solombavambahokan'Antsohihy tamin'ny Tolo-dalàna natolony no voalohan-teniny.

Nambarany fa tokony ho ny Solombavambahoaka avy amin'ny Foko Bara no nanao azy ity satria izahay, hoy izy, no tena miompy omby. Ahitana Faritra miisa 5 ny Foko Bara, ao ny any Tsihombe, Morombe, Atsimo Atsinanana, Menabe ary Anosy. Ny omby no tena fiveloman'ny vahoaka any amin'ireo toerana ireo, kanefa mijaly izahay noho ny halatr'omby. Mialatsiny aminareo namana Solombavambahoaka izay tsy iharan'ny famonoana olona, fa mampalahelo ny mieritreritra hoe omby no iveloman'ny olona kanefa angalarina sady vonoina koa ny Ray aman-dReniny, ny zanany, ny vadiny ary ny zazavavy 12 taona dia iharan'ny fanolanana.

Mitaona ny Solombavambahoaka rehetra handany ity Tolo-dalàna nataon'ny namantsika ity mba ahafahantsika mifehy ny tsy fandriampahalemana amin'ity halatr'omby ity.

Marina dahalo ny voalaza teo momba ny fisian'ny «gros poisson», fa raha lany ity ary arahina tsara ny hevitra ny Tolo-dalàna, mety mba hatahotra ny mpanao ratsy.

Miombon-kevitra amin'ny tsy fanitsahana Faritany koa izahay; ohatra, atỳ Antananarivo ny dahalo no gadraina raha tratra tany Beroroha. Zara raha migadra ihany koa ny dahalo, ka izay no mahatonga anay milaza hoe mila enjehina mafy koa ny tomponandraikitra tafiditra amin'ny halatr'omby na ny dahalo ambony latabatra, toy ny Filoham-pokontany, ny Ben'ny Tanàna, ny Solombavambahoaka, ny Zandary, ny Polisy, ny Miaramila, indrindra fa ny ao amin'ny Fitsarana.

Momba ny «complice», aleo ny fanadihadiana no mamaritra an'izay, manam-boninahitra ao amin'ny Polisy ny tenako ka mahafantatra tsara an'izany resaka «complice» izany. Mitovy ny sazy ho an'ny mpangalatra sy ny mpandray halatra. Izany hoe, saziana mafy izy ireo amin'izay mihemotra amin'ny asa ratsy tokony hataony.

Rehefa izany, nomen'Andriamatoa Filoha, fitenenana, Ramatoa RABY SAVATSARAH Ain'Harimanga Gabrielle, Filohan'ny Vaomieran'ny Fanaovan-dalàna.

Fialan-tsiny amin'ny mety hahalava ny fitenenany no voalohan-teny nataony satria misy fanontaniana tokony hovaliana na ho an'ny Solombavambahoaka na ho an'ny solotenan'ny Governemanta.

Mikasika ny hoe tokony hisy fotoana lavalava handinihana ity Tolo-dalàna ity: mialohan'ny nitondrana azy teto dia efa nampahafantarina ampahibemaso ny fandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena. Efa fantatra tamin'ny herinandro lasa koa ny daty hanaovana ny asam-baomiera ary nangataka ny hanemorana azy ny tompon'ny Tolo-dalàna tamin'izay. Koa ho an'izay nangataka fotoana lavalava, mangataka anareo mba hamonjy asam-baomiera. Raha tena tianareo ny asa fanaovan-dalàna, tokony ho tonga nanatrika asam-baomiera ianareo.

Manarak'izay, mikasika ny «interdiction de séjour» voalazan'ny namana avy any Marolambo teo, efa ao anaty lalàna izany ary nohazavaina fa efa nisy saingy mila hamafisina. Izany hoe, miala ny Faritany mihitsy dia nanampy izahay hoe miala ny Faritra nanaovany fandikan-dalàna ny tratan'io sazy io. Tsy noforonina akory ny «interdiction de séjour», fa efa tao anaty lalàna hatramin'izay.

Mikasika ny «travaux à perpétuité», ho an'ny «récidiviste», ny lalàna mihitsy na ny «code pénal»-ntsika no nametraka hoe rehefa «récidiviste» ny olona iray dia «circonstance aggravante» izy. Izany hoe, mihamafy kokoa ny saziny, raha ohatra 20 taona na 30 taona an-tranomaizina tamin'ny voalohany ka nivoaka ny fonja izy, ka raha mbola mangalatra dia mazava ho azy fa «travaux forcés à perpétuité» no sazy miandry azy.

Mikasika ny «complice» izay mampiahiahy ny Solombavambahoaka; rehefa tsy nanao ratsy dia tsy tokony hatahotra. Ny «code pénal»-ntsika no nametraka an'izay ao amin'ny andininy faha-59, milaza ny atao hoe «complice». Ny lalàna efa misy an'izay dia mihatra foana izany na «délit» na «crime» no ataon'ny olona iray. Izany hoe, misy foana ny «complice» ary mitovy ny «peine» raha vao misy «auteur principal» na «complice», fa tsy manavaka ny lalànantsika. Tsy novaina izay fa natao araka ny Tolo-dalàna natolotry ny Solombavambahoaka namana. Ao anatin'ny no mamariparitra hoe iza no eritreretina ho «complice» amin'ny resaka halatr'omby. Izay voalazan'ny Solombavambahoaka tonga tao amin'ny asam-baomiera no navadika ho lalàna. Ohatra, ny mpanao bokin'omby izay tena manahirana mihitsy amin'ny fanaovana hosoka. Nampidirina tao izay, misy ireo manam-pahefana isan-karazany, manomboka amin'ny Filoham-ponkotany, ny Ben'ny Tanàna, ny Solombavambahoaka, ny Lehiben'ny Distrika ary ny mpiasam-panjakana maro samihafa any amin'ny Faritra. Izay no voasoratra ao amin'ny «article 6 nouveau» hoe: «tout dépositaire d'autorité publique, fonctionnaire ou élu coupable d'avoir participé directement ou indirectement». Izany hoe, «instigateur» izy no dikan'izay, izy no tompon-kevitra. Izay no atao hoe dahalo ambony latabatra resahana eto. Izy no mpaniraka dia izay no ilazana azy hoe «complice» amin'ny halatra ny tenany. Izy no mitazona ny omby halatra. Mitovy izany ny sazy azon'ny «auteur principal» izay lazaina hoe: «sera puni également de la même peine». Raha migadra mandrapafatiny ny «auteur principal», migadra mandrapafatiny koa ny «complice».

Izay no ato anaty lalàna fa misy azontsika atao, misy koa voarakitry ny lalàna izay ataon'ny olona nomeny lalàna fahefana hanao an'izany. Izy no mampihatra ny lalàna lanintsika ato, tsy iza ireo fa ny mpanao fanadihadiana sy mpikaroka ny fandikan-dalàna dia ny «Police judiciaire», ny Zandary, ny Polisy. Ao koa ny mpitsara izay mampihatra ny lalàna ka amin'ny fanadihadiana ataony no ahafahana miteny fa ity olona ity dia «complice» marina araka ny porofo eo am-pelan-tànany.

Mikasika ny «immunité», ho an'izay manana izany, ohatra isika Solombavambahoaka; rehefa «flagrant délit», tsy misy fangatahana intsony fa esorina avy hatrany ny «immunité» ary tonga dia migadra mandrapahafaty. Vitsy ny mpiasam-panjakana manana «immunité». Ny manana ny «demande d'autorisation de poursuite» dia ny Zandary, ny Polisy ary ny Miaramila izay efa nisy hatramin'izahay teo anivon'ny Minisitera ny Fitsarana izany. Nangataka ny hijererana an'izany foana tamin'ny Minisiteran'ny Filaminam-bahoaka sy ny Zandary izahay. Nandraisana fepetra hoe raha mangataka «autorisation de poursuite» ka misy ary hita ny porofo, tonga dia manome an'izany izy ireo. Ho anareo Vaomieran'ny Fiarovana, mba ataovy ny Tolo-dalàna hanafoanana an'io «autorisation de poursuite» io.

Mikasika ny hamafin'ny sazy, efa nisy famelabelarana natao teo anivon'ny «Commission Juridique» hoe maninona no tsy mahomby ny ady atao amin'ny halatr'omby hatramin'izay. Efa ao anatin'ny atao hoe «criminalisation de peine» isika amin'izao fotoana izao, efa tafiditra ho «crime» izany kanefa mbola tsy mihena ihany ny halatr'omby.

Momba ny fampiharana ny lalàna, ombana manana izany; izay no ilazana fa tokony hitondra fanatsarana ny Minisiteran'ny Fitsarana raha ampiharina izao Tolo-dalàna natolotra izao. Mifanampy tsara ny hoe tokony hafainganina ny raharaham-pitsarana kanefa etsy andaniny hamafisina ny sazy. Mino isika fa tokony ho tonga amin'izany «réforme» izany ny Minisiteran'ny Fitsarana. Ohatra mivainga azo lazaina antsika, nandany ny lalàna mikasika ny «viol» isika dia momba ny famosirana izany. Nohamafisina ny sazy mikasika ny «viol» satria mirongatra ny mpanolana eto amin'ny tany sy ny fanjakana; mitovy amin'izay koa ity Tolo-dalàna androany ity. Tsapa koa fa miteraka «blocage» amin'ny «activité économique» any ambanivohitra ny halatr'omby, ny «insécurité» amin'ny asan-dahalo izay misakana ny fampandrosoana eny ifotony. Efa mihoatra ny tokony ho izy ny zava-misy any amin'ny Faritra rehetra any. Noho izany, rariny sy hitsiny raha hamafisina ny sazy omena ny mpangalatr'omby eto amintsika. Eo anatrehan'izany, manentana ny rehetra mba handany ity Tolo-dalàna ity.

Raha nomena fitenenana, Andriamatoa RAJOELINA Andriam-harimanana Seth, nambarany fa anisan'ny nahavaivay tamin'ny resaka halatr'omby ny Faritra Haute Matsiatra. Ankehitriny, mba nihanalefaka kely izany saingy mitady hirongatra indray. Fantatsika fa ny politikan'ny fanjakana momba ny famokarana vary dia miankina amin'ny resaka omby. Ny tantsaha na inona na inona fizotry ny fandrosoana, ny ankamaroany dia miantehitra amin'ny omby mba hanatanterahany ny asany sy hahazoany ny zezika.

Raha tsy arovana amin'ny lalàna ny tantsaha mpiompy omby dia tsy ho tratra ny tanjona kendren'ny Firenena amin'ny fahalehovan-tena ara-tsakafo. Noho izany, miangavy antsika Solombavambahoaka mba handany ity Tolo-dalàna ity satria hampilamina ny fiainan'ny tantsaha ny tsy fisian'ny halatr'omby.

Andriamatoa FIAROVANA Lovanirina Célestin, kosa nisaotra ny Mpanolotra ny Tolo-dalàna raha nandray fitenenana.

Miombon-kevitra amin'ny Solombavambahoaka RAHOLIDINA Naivo Herinantsoina ny tenanay amin'ny resaka fanolorana «Proposition de Loi» satria asantsika izany. Lalàna tena hisy fiantraikany any amin'ny vahoaka mivantana izy ity, ka takianay ny handaniana azy araka ny nanaovan'ny Vaomiera azy.

Ho an'ny solotenan'ny Governemanta, misy ny atao hoe «décret d'application», ka ampidiro any izay hitanareo fa tokony hamboarina. Afaka manoratra koa ianareo raha misy fanatsarana tokony hatao. Aminay kosa, efa feno ny fepetra handaniana ity Tolo-dalàna ity. Fantaro koa fa mirongatra ny tsy fandriampahalemana any ambanivohitra amin'izao fotoana izao. Ny Zandary aza miverina fotsiny fa tsy zaka ny dahalo ary ny zava-doza, mampiasa «lance roquette» mihitsy ry zareo. Manao andiany ihany koa ry zalahy rehefa manafika. Eo anatrehan'izay, manentana ny namana handany azy ity satria ilaina ny fanamafisana ny sazy na omby iray io na omby zato, aminay dia mamotika fandriampahalemana izany satria izay no veliranon'ny Filoha Andry RAJOELINA voalohany.

Ny fanatsarana izao Tolo-dalàna izao dia miantoka tanteraka ny fandriampahalemana, indrindra any ambanivohitra. Noho izany, mitaona antsika mba handany an'ity Tolo-dalàna ity.

Raha nomena fitenenana, Ramatoa RAZAFIMANDROSO Née RAZANAJATO Virginie, toy ny namany teo aloha, fisaorana an'Andriamatoa Solombavambahoakan'Antsohihy no nataony voalohany. Fisaorana an-dRamatoa Filohan'ny Vaomieran'ny Fanaovan-dalàna koa tamin'ny fanazavana nentiny.

Nambarany fa samy manana ny zavatra ilainy any amin'ny toerana misy azy ny Solombavambahoaka tsirairay, indrindra amin'ity resaka halatr'omby ity.

Mikasika ny hoe migadra mandrapahafatiny raha nahavita heloka bevava ny olona iray; tany amin'ny asam-baomiera no nahenoanay hoe avoaka izany olona izany rehefa feno 70 taona satria tsy afaka manao na inona na inona intsony izy noho ny fahanterany. Fanampin'izay, tokony hanatrika asam-baomiera koa isika rehetra dia any no tena miady satria any no afaka mitondra fanitsiana.

Mikasika ny «complice», ny telefona dia ahafahana manao an'io. Raha ohatra misy dahalo tratra, mety miantso ny Solombavambahoaka izy milaza hoe manana olana aho fa nohendrikendrehin'olona. Rehefa nozohina anefa, tena tratra nangalatr'omby mihitsy izy. Any aoriana rehefa jerena ny telefona inanao, hita ao fa nifampiresaka taminy tokoa ianao. Higadra mandrapahafatiny ve io Solombavambahoaka rehefa tapitra ny «mandat»-ny sa manao ahoana. Noho izany, mila apetraka mazava io resaka «complice» io.

Andriamatoa RATOLOJANAHARY Arsène kosa, nankasitraka ny Solombavambahoaka nanolotra Tolo-dalàna.

Ho an'i Midongy Atsimo, Befotaka Atsimo, iny Faritra Atsimo iny; somary gaga izahay mihaino antsika miady hevitra, fa rehefa tena miaina any an-toerana anjakan'ny asan-dahalo any, mahatsiaro ianao hoe maninona no toy izao ny fiainan'ny Malagasy.

Tsy fiainana intsony ny anaovan'ny dahalo azy ireo. Te-hitroatra ny vahoaka saingy tsy afa-bela. Raha mandinika isika, hoy hatrany izy, maninona ny toerana misy fampandrian-tany no milamina, maninona ny toerana misy dina no milamina. Ny antony, mafy ny sazy ary tonga hatramin'ny famonoana an'izay nanao heloka mihitsy aza. Tsy afaka manao an'izany anefa isika fa ny sazy no atao henjana mifanaraka amin'ny heloka vitany. Ny zavatra nanaitra anay anefa, toa miaro sahady ny olona hanao hadalana isika, ka ny ahy dia mba misy teny holazaiko.

Natao ity Tolo-dalàna ity mba hiarovana ny Malagasy tsy hangalatra. Izany hoe, karazana arofanina ary tokony hanao "sensibilisation" koa isika; ampahafantarina ny vahoaka ny Lalàna rehefa hampiharina.

Manarak'izay, amin'ny fampiharana ny lalàna. Anjaran'izay te-hanao ratsy no mieritreritra raha mbola hangalatra izy satria efa fantany ny zavatra miandry azy.

Fanamafisana momba ny resaka "complice" kosa no nandraisan'Andriamatoa RAZAFITSIALA Velomanana Solomampionona fitenenana.

Nambarany fa tokony hatoky ny fitsarana isika satria olona nianatra sy mandinika izy ireo. Raha misy mpitsara any amin'ny toerana misy antsika any manao ny tsy fanao, aoka hanaramaso azy isika. Ny olona misy, manome tsiny ny mpampihatra lalàna isika fa tsy sahy mijoro rehefa manao hadalana ny "Procureur" na ny Filohan'ny tribonaly kanefa ny Minisiteran'ny Fitsarana efa miezaka mba tsy hanaovan'ny mpitsara kolikoly intsony.

Mety ity Tolo-dalàna ity ary raha mbola misy ny ambonin'io sazy dia aleo atao. Ny mpitsara no mahalala hoe ity olona ity notondroina fotsiny fa tsy "complice". Raha misy navotsotra, tokony handeha any amin'ny Minisiteran'ny Fitsarana manao fitarainana isika. Tomponandraikitra amin'ny fampiharana lalàna ny fitsarana. Tsara ny lalàna fa ny fampiharana azy no goragora; voatonona ao ny Zandary, ny Polisy ary ny Mpitsara. Aoka mba samy hanaramaso ny asan'ny mpanatanteraka any amin'ny Distrika misy antsika any koa isika.

Hamaranana azy, manentana ny Solombavambahoaka handany 100% azy ity fa maharary ny vahoaka Malagasy amin'ny resaka halatr'omby.

Ho an'Andriamatoa RANDRIANARISOA Bien Aimé Arsène, kosa nambarany fa anisany lasibatra amin'ny asan-dahalo ny Distrikan'i Fenoarivobe. Marihana, fa tena manana omby betsaka tokoa ny Faritr'i Bongolava ary misy hatrany ny halatr'omby any an-toerana hatramin'izao fotoana izao.

Izao Tolo-dalàna nataon'Andriamatoa Solombavambahoaka izao dia heverina fa zava-dehibe satria fanamafisana ny sazy ho an'ny olona mangalatr'omby.

Andao holaniana ity Tolo-dalàna ity mba hiarovana ny omby any amintsika sady mba ho fantatry ny vahoaka fa isika dia nanolotra Tolo-dalàna hiadiana amin'ny asan-dahalo izay mampikaikaika azy ireo.

Nangatahany koa ny hameranana ny dina any amin'ny Distrikan'i Fenoarivobe sy ny Distrika hafa mba handry fahalemana ny firenena. Noho izany, mitaona ny Fitsarana mba hijery an'izay rehefa tsy mifanipaka amin'ny lalàna ny fampiharana azy.

Andriamatoa ANDRIANAMBENANA Velomihoatra Tsimanositra Painchard, indray nanambara fa mpikambana ao amin'ny "Commission Juridique" ny tenany ka tsy ho lava resaka.

Nitaona ny namany mba tsy hisalasala amin'ny fandaniana ny Tolo-dalàna ny tenany satria maharary noho ny asan-dahalo ny vahoaka. Noho ny halatr'omby, lany ny omby tanora any aminay, hoy izy; vonoina ny raim-pianakaviana ary doran'ny dahalo ny trano.

Noho izany, mangataka ny Solombavambahoaka na tsy misy halatr'omby aza any aminy, mba handany ity Tolo-dalàna ity.

Nanambara, Andriamatoa ANDRIANIRINA Narcis, fa mpikambana ao amin'ny "Commission Juridique" koa ny tenany raha nomena fitenenana ary nandinika ny Tolo-dalàna niaraka tamin'ny Filohan'ny Vaomiera. Isaorana azy fa navitrika tamin'ny fitarihana ny fivoriana tokoa izy. Raha mandinika isika, tsy ity no "version originale" fa niezaka ny teknisiana nanao izay hahatsara ny Tolo-dalàna, ka isaorana izy ireo. Nentaniny koa ny Solombavambahoaka mba hanatrika asam-baomiera na tsy mpikambana amin'izany Vaomiera izany aza araka ny nambaran'ny Filohan'ny "Commission de Juridique" teo aloha.

Manarak'izay, tsy hiaro mpitsara ny ahatongavana eto fa ny tenako koa mba mpitsara. Eo anatrehan'izay, mitodika amin'ny Minisiteran'ny Fitsarana ny tenako, hoy izy, satria efa "Procureur" ihany koa. Ny zavatra tsapa, anisany mpanao "intervention" matetika ny Solombavambahoaka. Maninona raha omen'ny Minisitera baiko ny "Procureur" hoe raiso ny anaran'izay Solombavambahoaka mpanao "intervention" dia hovakina eto hoe ianao tany ananona nanao "intervention" kanefa manaratsy mpitsara rehefa tonga eto.

Nanao satroka, Andriamatoa RAHOLDINA Naivo Herinantsoina teto ka nomena fitenenana. Nambarany fa miombon-kevitra amin'ny Ranabavy sy ny "Procureur" teo aloha ny tenany amin'ny hoe afaka mandeha mivory any amin'ny asam-baomiera daholo ny Solombavambahoaka rehetra.

Miala tsiny "Procureur" Solombavambahoaka, fa ny tenako miresaka izao dia voaheloka "un an d'emprisonnement ferme" tamin'ny andron'Andriamatoa RAVALOMANANA Marc. Resaka "diffamation" no nanagadrana ahy ary mbola ao amiko ny anaran'io "Procureur" nampiditra ahy tany am-ponja io amin'izao fotoana izao. Ambara izany mba tsy hitenenana hoe misy olona tsy tokony hogadraina dia gadraina. Amin'ny resaka politika dia gadraina mihitsy ny sasany satria mety ho mpifaninana aminy, fa tsy eto isika no hifanome lesona.

Samihafa ny fanaraha-maso ny asan'ny Mpanatanteraka sy ny "intervention". Manaiky izahay fa miasa ny mpitsara saingy tsy ekena ny hoe tsy mandray vahoaka na tsy mandray olona izy. Mbola ho avy ny "Question Réponse", fa izaho raha mandeha any amin'ny fitsarana, rehefa misy tsy mety dia mijoro ny tenako ary izay no nangatahako ny fahazoana "immunité parlementaire". Tsy mitovy ny "intervention" sy ny "contrôle" atao amin'ny Governemanta. Izahay koa afaka manome anao ny anaran'ny "Procureur" na ny mpitsara mpanao kolikoly rehetra, Andriamatoa Filoha, raha ilaina izany.

Nanambara, Andriamatoa Filoha, teo fa aleo mifantoka amin'ny Tolo-dalàna ny resaka atao fa lasa mivaona amin'ny zavatra hafa ny fivoriana ka tsy mety.

Nanao satroka, Andriamatoa MANDRINDRARIVONY Ogascar Fenosoa, ka nomena fitenenana.

Nambarany fa tsy rehefa manao “intervention” dia zavatra ratsy avokoa. Anjaran’ny Solombavambahoaka no manao “intervention,” Andriamatoa Solombavambahoaka “Procureur”. Raha Solombavambahoaka manao “intervention” ho an’ny vahoaka kosa, aleo tsy hatambatra amin’ny “intervention” hafa izany.

Andriamatoa TARKA Jean Michel, kosa raha nomena fitenenana, nambarany fa miombon-kevitra amin’ny fandanianana ny Tolo-dalàna ny tenany.

Nitondra fanamarihana izy fa magoragora ny lalànantsika satria efa tamin’ny taona 1960 ka mila fanavaozana. Ny andininy ao anatin’ny dia miteny vazaha, kanefa isika Solombavambahoaka malagasy. Rehefa tonga ny mpanao fanadihadiana dia «article” amin’ny teny frantsay ny entiny manao izany kanefa isika malagasy. Aiza hoe aiza ny zontsika sy ny tany tan-dalàna amin’izany zavatra izany.

Manarak’izay, mikasika ny fampanoavana; efa misy mitsipaka sahady hoe tsy tonga, Andriamatoa Minisitry, ka tsy afaka handinika ity Tolo-dalàna ity isika. Mpandany lalàna no asan’ny Solombavambahoaka, izay no nifidianan’ny vahoaka antsika. Isika no tompoan’ny lalàna, ka tsy tokony hofehezina ny mpitsara. Enga anie mba ho ity lalàna holaniansika ity no hampiharina ny mpitsara amin’ny resaka halatr’omby amin’izay mba hihena izany halatra izany.

Mikasika ny bokin’omby, tokony hohamoraina ny fananana izany. Maninona raha ampiasaina ny “puce” mba hialana amin’ny halatr’omby, satria azo tadiavina ny omby very raha misy “puce”.

Fisaorana ny Vaomiera namakafaka sy nandinika lalina ny resaka halatr’omby no nataon-dRamatoa RAHELIHANTA Jocelyne, raha nomena fitenenana.

Nambarany koa fa tokony hifampitaiza ny Antenimierampirenena izay mpanao lalàna sy ny Mpitsara. Tokony hifanaja, hifanaraka ary hametraka ny andraikitra amin’ny maha tompoandraikitra azy avy ny tsirairay, satria ny fanaovana “intervention” dia anjaran’ny Solombavambahoaka no manao izany, fa tsy amin’ny zavatra ratsy tsy akory.

Farany, nanentana ny Solombavambahoaka rehetra mba handany ity Tolo-dalàna ity satria mahasoa ny vahoaka izay solointsika tena ato amin’ny Antenimierampirenena ny tenany.

Fisaorana ny Solombavambahoaka voafidy tao Antsohihy no nataon-dRamatoa RASOAMALALA Honorine, raha nandray fitenenana, torak’izany koa ny asam-baomiera tamin’ny namolavolana izao Tolo-dalàna izao.

Nambarany fa nanomboka tamin’ny nahalany azy ho Solombavambahoaka hatramin’ny taona 2019, tsy nisy halatr’omby intsony tany Ambohimahasoa.

Nomarihany koa fa hiarahana mandany 100% ity Tolo-dalàna ity satria vao mainka hanamafisana hatrany ny efa milamina ny fahalaniany.

Fanampin'izay, tokony hapetraka ny dina satria io no mampilamina ny any ambanivohitra rehetra any.

Mety hisy ny “intervention” any amin’ny “Procureur”, afaka manao an’izany amin’ny maha Solombavambahoaka azy ny Solombavambahoaka, satria indraindray olona manana ny rariny no lasa maloto any amin’ny fitsarana.

Toy ny namany rehetra, fisaorana no natolotr’Andriamatoa RAZAKAMANANA André, ny Mpanolotra ny Tolo-dalàna sy ny asam-baomiera satria tena nandalo famakafakana naharitra vao tonga amin’izao dingana izao. Noho izany, tsy tokony hisy adihevitra intsony, fa ny hampandaniana azy no hatao. Ny antony, tsy misy tsy maharary amin’ny resaka halatr’omby any ambanivohitra any. Fanampin’izay, misy famonoana olona koa ny halatr’omby araka ny voalazan’ny namana teo aloha, ka aleo holaniana ity Tolo-dalàna ity hisorohana izany.

Mikasika ny “intervention”, aoka mba ho ny zavatra marina sy hiarovana ny vahoaka no anaovana izany, hoy izy.

Fanentanana ny Solombavambahoaka hitsangana sy hijoro handany ity Tolo-dalàna ity no namaranany ny fitenenany, satria ilain’ny vahoaka ny fampiharana ny lalàna.

Mbola fisaorana no nataon’Andriamatoa RAHOLIJAONA Harison, tamin’ny nanoloran’Andriamatoa BEFENO Todimanana Aymar Hyacinthe an’izao Tolo-dalàna izao, tahak’izay koa ny mpikambana ao amin’ny Vaomiera nandalina azy tamin’ny antsipiriany vao tonga amin’izao fivoriambe izao.

Ny tiana ambara, rehefa hiverina hanao tatitra any amin’ny vahoaka nifidy antsika isika dia afaka mirehareha fa nanao ezaka lehibe ny Solombavambahoaka amin’ny ady atao amin’ny halatr’omby. Izany hoe, tsy mitazam-potsiny ny zavatra maharary azy ireo isika olomboafidy. Laharam-pahamehana ny ady atao amin’ny halatr’omby, ka izany no tokony handaniana ity Tolo-dalàna ity.

Raha nomena fitenenana, Andriamatoa RANDRIANARIVO Edwin, nambarany fa zava-dehibe ny resaka halatr’omby, ka maninona raha ampidirina amin’ity Tolo-dalàna ity ny fametrahana marik’omby mampiavaka ny Distrika tsirairay mba hahalalana hoe avy taiza ny omby very.

Ho an’Andriamatoa BISMARCK Mong Mann, kosa fisaorana ny Filohan’ny Vaomiera sy ireo rehetra nandinika ny Tolo-dalàna sy ny Mpanolotra izany no nataony.

Nambarany koa fa rehefa avy notsaraina ny olona voakasika vao hihatra ity Tolo-dalàna ity satria misy amin’izy ireo no tonga dia ampidirina “mandat de dépôt” kanefa tsy voatery nanao ny heloka, fa raha meloka ny olona iray, aoka mba hampiharana ny Lalàna izy.

Nanamarika Andriamatoa ANDRIAMIHAJA Fanomezantsoa Yves Georges, fa iaraha-mahalala ny lanjan’ny omby eto amintsika ary raha vao miresaka omby dia tantsaha izay no tiana horesahana.

Nambarany fa miombon-kevitra amin'ny famaizana voarakitra ato anaty Tolo-dalàna ny tenany. Isaorana koa ny Solombavambahoaka avy any Antsohihy nanolotra azy mba hialana amin'ny asan-dahalo.

Nambarany koa fa tokony hiroso amin'ny fandanianana ny Tolo-dalàna ny mpivory satria miverimberina ny resaka kanefa efa samy resy lahatra daholo ny rehetra amin'ny maha zava-dehibe azy ity.

Raha nomena fitenenana kosa, Andriamatoa MALAINKORATSY Jocelyn, nambarany fa ny halatr'omby dia manerana an'i Madagasikara. Samy misy an'izany daholo ny Distrika rehetra ary mbola ambony noho ny heloka momba ny fanolanana ny azy, sady miteraka vono olona koa. Koa nangataka, ny tenany, mba ho fanapahan-tànana no sazy ho an'izay tratra nangalatr'omby.

Andriamatoa BEFENO Todimanana Aymar Hyacinthe no namarana ny fandraisan'ny Solombavambahoaka fitenenana, ka toy izao no nambarany: fisaorana ny Solombavambahoaka rehetra, satria matoa nandray fitenenana daholo dia tena ilaina ity Tolo-dalàna ity hisorohana ny halatr'omby izay tena mampijaly ny any ambanivohitra.

Efa nisy ny famelabelarana nataon'ny Filohan'ny Vaomieran'ny Lalàna, saingy mila hazavaina ny resaka momba ny "complice" teo.

Tsara ho fantatra fa ny "ordonnance" tamin'ny taona 1960, ny andininy faha-8 dia tsy mbola nokitihana na misy "référence" mikasika ny "complice" ao amin'ny "code pénal"-ntsika. Tsy nisy nokitihana izay.

Rehefa miresaka amin'ny OMC na ny mpitsara izahay, miverina foana ny teny hoe tsy azo enjehina ity olona ity satria tsy nisy fitoriana mikasika azy. Etsy andaniny, ny vahoaka anefa tsy sahy mitory sy mijoro ho vavolombelona koa. Izahay tsy maniry hoe higadra mandrapahafatiny ny olona iray. Tsy izany no anton'ity Tolo-dalàna ity, fa handravana ny halatr'omby sy ny tambazotran'ny mpangalatr'omby hatramin'ny fakany.

Raha niresaka tamin'ny tantsaha koa izahay, nambarany fa rehefa nandray andraikitra ny Solombavambahoaka avy any amin'ny Faritra Sofia, nandray andraikitra ihany koa ny OMC sy ny dina satria efa mipetraka ara-dalàna ny dina any amin'ny Distrikan'Antsohihy ary efa maro koa ny dahalo no lavo. Tsy maniry ny hamono ireny olona ireny isika, fa maniry ny hilaminan'ny tany sy ny firenena. Maro ny olona nitaraina taty aminay, fa toa ny dahalo madinika foana no voakitika fa tsy ny dahalo ambony latabatra tsy mety tratra mihitsy. Izay no antony nanaovana ny "article 6 bis", mikasika ny dahalo ambony latabatra. Izay no hatao eto, tsy maniry ny hisian'ny Solombavambahoaka na Ben'ny Tanàna na Sefom-pokontany higadra mandrapahafatiny noho ny fampiharana ity lalàna ity isika. Anjaran'ny Solombavambahoaka kosa no manao tatitra any amin'ny Distrika nahavoafidy azy mikasika ny fisian'ity Tolo-dalàna ity mba hampazava azy amin'ny vahoaka.

Mitodika amin'ny solotenan'ny Governemanta koa izahay; tena nanana finiavana ianareo nitondra ny anjara birikinareo, indrindra amin'ny fanafainganana ny fitsarana. Namanareo izahay amin'izay ary raha tsy hataonareo mialohan'ny fotoam-pivoriana ara-potoana manaraka eo izany dia hataonay Solombavambahoaka mba hialana amin'ny fitarazohan'ny raharaham-pitsarana.

Fisaorana ny rehetra no namaranany ny fitenenany sady nitaona ny Solombavambahoaka mba handany ny Tolo-dalàna natolony.

Fisaorana ny rehetra ihany koa no nataon'Andriamatoa Filoha, taorian'izay ary nomeny ny solotenan'ny Governemanta indray ny fitenenana raha manan-kambara izy ireo.

Ramatoa BELALAHY Hanitriniaina, Sekretera Jeneralin'ny Minisiteran'ny Fitsarana, no nandray fitenenana ka fisaorana an'Andriamatoa Filoha, no voalohan-teniny.

Nambarany fa maro ny hevitra tsara naroson'ny Solombavambahoaka teo, kanefa tokony ho nandritra ny asam-baomiera no nanomezana ny sosokevitra toy ireny. Maro koa ny zavatra tsara noresahana saingy tsy tafiditra ato anatin'ity Tolo-dalàna ity izany. Ilaina ity lalàna ity ary holaniana. Ny anaovana antso avo aminareo Solombavambahoaka, rehefa mahaliana antsika ny lalàna iray dia tokony hanatrika asam-baomiera na dia tsy mpikambana ao amin'ny Vaomiera voakasika aza. Manana hevitra maro isika ary misy koa Solombavambahoaka tena manana traikefa amin'ny resaka lalàna. Ilaina tokoa ny fanatrehana asam-baomiera satria ny zavatra tsapanay, toa Solombavambahoaka vitsy ihany no nanatrika izany. Rehefa tonga ato amin'ny fivoriambe anefa, maro ny hevitra tsara saingy tsy tafiditra ao anatin'ny lalàna hofidina intsony izany noho ny tsy fanatrehana asam-baomiera.

Taorian'izay, nanambara Andriamatoa Filoha, fa tsy voafetra ny fotoana anaovan'ny Solombavambahoaka Tolo-dalàna, koa raha misy mbola tsy tafiditra amin'izao fotoana izao ny fanatsarana tiana hatao, afaka manao Tolo-dalàna hafa indray amin'ity fotoam-pivoriana ity na amin'ny fotoam-pivoriana manaraka. Izany hoe, tsy voatery ho vita androany ny fanatsarana ity lalàna mikasika ny halatr'omby ity.

Rehefa izany, nomena ny solotenan'ny Governemanta indray ny fitenenana.

Mbola, Ramatoa BELALAHY Hanitriniaina, Sekretera Jeneralin'ny Minisiteran'ny Fitsarana, ihany no nandray izany, ka toy izao no nambarany: mahatsapa izahay fa zava-dehibe ny fanatrehana izao fivoriambe izao, satria nahafahan'ny Solombavambahoaka hajaina isany naneho ny heviny. Ny antony, fandriampahalemana no tanjona na ny avy amin'ny Solombavambahoaka izany na ny avy amin'ny Governemanta.

Ny fomba nitondrana ity Tolo-dalàna ity, araka ny voalazan'ny Solombavambahoaka nanolotra azy dia misy ny atao hoe "effet dissuasif". Izay no notadiavina tao anatin'ny mba hampihena ny halatr'omby. Ny an'ny Governemanta indray, ny Volavolan-dalàna voalaza teo aloha dia fanamaivanana ny paikady sy fanamaivanana ny saran'ny fandaniana mba hahatonga ny raharaha ho voatsara haingana. Manamafy ny voalazan'ny Filohan'ny Vaomieran'ny Lalàna sy ny Solombavambahoaka voafidy tao lhosy teo izany izay manao hoe: hamaivanina ny paikady mba ho voatsara haingana ny olona. Zavatra miaraka izy ireo, ka disoanay ny voalaza teo hoe manakana ny Tolo-dalàna ny Governemanta. Zavatra iray no tadiavintsika dia ny fandriampahalemana. Tsy misy maniry hampirongatra ny halatr'omby, fa ny hampitsahatra izany no tanjona. Ny resaka "procédure" ao anaty Volavolan-dalàna koa dia efa nomanin'ny Minisiteran'ny Fitsarana, ka raha misy fotoana ahafahana mampiditra izany dia arahaba soa, arahaba tsara.

Misaotra an'Andriamatoa Filoha, no namaranany ny fitenenany.

Torak'izany koa, fisaorana no navalin'Andriamatoa Filoha, an-dRamatoa Sekretera Jeneralin'ny Fitsarana.

Nanao satroka, Andriamatoa NASIRA Julien ary nanontany hoe: nahoana no tsy mandray Solombavambahoaka, Ramatoa Sekretera Jeneraly. Aleo mba valiana izay raha mety satria sao mampisy olana amin'ny fiaraha-miasa.

Namaly, Ramatoa BELALAHY Hanitriniaina, Sekretera Jeneralin'ny Fitsarana, fa toa mivaona amin'ny adihevitra izay resaka izay. Nambarany koa fa nieritreritra ny hihaona amin'Andriamatoa Solombavambahoaka ny tenany rehefa mirava izao fivoriambe izao. Nisy fivoriana natrehako, hoy izy, tamin'ny fotoana nandalovanao tany amiko afak'omaly hariva ka izay no tsy nahavoaray anao. Tokony ho namela hafatra an-taratasy ianao amin'ny fotoana handalovana amin'ny manaraka kanefa tsy nisy izay zavatra izay fa lasa ianao. Izay angamba no azo amaliana an'iny fanontaniana iny.

Nanao satroka koa, Andriamatoa RAHOLDINA Naivo Herinantsoina, ka nomena fitenenana ary nambarany fa tsara raha tsy ho maimaika isika, Ramatoa Sekretera Jeneraly, satria lalàna hipetraka ity dinihana eto ity. Ny tiana hapetraka, marina ny tenin'ny namana MANDRINDRARIVONY Ogascar Fenoso teo, ka izay no itondrana azy eto. Efa nanao «Proposition de loi» momba ny Boky Rovitra, izahay Ramatoa Sekretera Jeneraly; nanao momba izany ihany koa ny Governemanta ary natambatra teto ny hevitra. Izahay tsy te-hiteny hoe ny ato amin'ny Antenimierampirenena no nahatafavoaka lalàna iray na ianareo; tsy any no olana, fa na iza namoaka azy na iza, iray ihany no tanjona. Mbola afaka mampiditra sosokevitra ianareo, Ramatoa Sekretera Jeneraly, ankoatran'izao «observation» efa nataonareo izao. Inona no tianareo hampidirina eto, amin'izay tsy reraka intsony ianareo hanomana ny manaraka.

Taorian'izay, nanambara Andriamatoa Filoha, fa be loatra ny hevitra niverina teo, ka aleo handraisana fanapahan-kevitra izany.

Raha hampiditra ireo fanamarihana maro be mbola tsy tafiditra amin'izao Tolo-dalàna holaniana izao dia voatery miverina any amin'ny asam-baomiera mba hahafahana manao izany ankoatran'izay efa voalaza ao anaty Tolo-dalàna. Izany hoe, manana safidy isika na tonga dia hiroso amin'ny fandanihana ny zavatra efa voasoratra ato na hanapaka hoe: aleo hiverina any amin'ny asam-baomiera indray.

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa hanaovana tsangan-tànana izay zavatra izay ary nampiany hoe: ny zavatra azo atao izao, tonga dia manapakevitra amin'ity zavatra efa nodinihan'ny asam-baomiera izay atolotra eto androany izao.

Rehefa izay, niroso tamin'ny fandraisana fanapahan-kevitra mikasika io voalazan'Andriamatoa Filoha io ny mpivory.

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 6 no nilaza fa hiverina any amin'ny asam-baomiera; Solombavambahoaka miisa 40 no nandany fa hiroso amin'ny fandanihana ny Tolo-dalàna -

Taorian'izay, nambaran'Andriamatoa Filoha, fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra isan'andiny momba ny Tolo-dalàna ny mpivory.

Nomarihany fa ahitana andininy miisa 3 ny Tolo-dalàna haroso handraisana fanapahan-kevitra ankoatra ny famelabelarana ny antonantony.

- Famelabelarana ny antonantony: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Tsy nisy nanan-kambara momba izany.

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 42 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna ny famelabelarana ny antonantony.

- Andininy voalohany: Lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna.

Tsy nisy nanan-kambara momba ny andininy voalohany.

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 42 no nandany; iray no nitsipaka; tsy nisy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany nasiam-panitsiana sy nasiam-panovàna ny andininy voalohany.

- Andininy faharoa: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna.

Tsy nisy nanan-kambara mikasika ny andininy faharoa.

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 40 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna ny andininy faharoa.

- Andininy fahatelo: Lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna

Tsy nisy nanan-kambara momba io andininy io.

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 44 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany tsy nasiam-panitsiana sy tsy nasiam-panovàna ny andininy fahatelo.

Taorian'izay, nanao satroka Ramatoa RABY SAVATSARAH Ain'Harimanga Gabrielle, ka nomena fitenenana, nambarany fa miaraka amin'ny fanamarihana tao amin'ny tatitra novakiana tany aloha ny fandaniana natao teo, fa tsy izay noresahana teto. Izay izany no nolaniana vao teo ireny.

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra ankapobeny momba ny Tolo-dalàna laharana faha-004-2024/PL° ny mpivory, taorian'izay.

- Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 44 no nandany; tsy nisy nitsipaka sy tsy nilaza ny heviny -

Nambaran'Andriamatoa Filoha, fa lany ny Tolo-dalàna laharana faha-004-2024/PL° "Complétant et modifiant l'Ordonnance n°60-106 du 27 septembre 1960 relative à la repression des vols de bœufs, présentée par Hyacinthe BEFENO TODIMANANA, depute de Madagascar élu dans le District d'Antsohihy" izay nodinihana teo.

Rehefa izany, nomena fitenenana ny Solombavambahoaka nanolotra ny Tolo-dalàna.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa BEFENO Todimanana Aymar Hyancithe, tsy manan-kambara intsony ny tenany, hoy izy, fa fisaorana ny Solombavambahoaka nandany ny Tolo-dalàna natolony no nataony.

Naseho ny vahoaka teto androany koa fa mandray andraikitra marina mba hialana amin'ny halatr'omby ny Solombavambahoaka.

Nirariany mba ho lany soa aman-tsara ny Tolo-dalàna rehefa dinihana any amin'ny Antenimierandoholona; tsy hisy olana ihany koa rehefa tonga any amin'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana, ka mba himpiharina tokoa araka ny hetahetan'ny besinimaro.

Nisaorany koa ny solotenan'ny Governemanta nandray anjara mavitrika tamin'ny asam-baomiera ary nirary ny hitohizan'ny fiaraha-miasa eo amin'ny roa tonta ny tenany.

Fisaorana an'Andriamatoa Filoha, nanome fitenenana azy taorian'ny fahalanian'ny Tolo-dalàna natolony no namaranany ny teniny.

Taorian'izay, nisaotra ny mpivory rehetra koa, Andriamatoa Filoha.

Nisaorany manokana ny mpikambana ao amin'ny Vaomieran'ny Lalàna izay niasa andro aman'alina namolavola sy nanatsara ny Tolo-dalàna vao nolaniana teo. Tahaka izay koa, nisaorany ny solotenan'ny Governemanta tonga niatrika ny adihevitra teto amin'ny fivoriambe.

Talohan'ny hiatohan'ny fivoriana, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana manaraka, Andriamatoa Filoha, koa rahampitso Alakamisy 15 Mey 2025 amin'ny 10, maraina, araka ny voalazan'ny lalàna laharana faha-2014-007 tamin'ny 22 Jolay 2014 dia ny Birao Maharitra no hanendry ny solotenan'ny Antenimierampirenena ho ao amin'ny CNIDH. Izany hoe, tsy hisy ny fivoriambe izay saika hatao rahampitso maraina.

Niato tamin'ny 1 ora sy 35 minitra, atoandro, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny rehetra, Andriamatoa Filoha.

NY FILOHA
TOKELY Justin

